4
SAINTE MARIE
# TOVOLAHY HITA FATY NIHANTONA


# Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7832 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 27 martsa 2024


MARINA IZANY ! 6
## ANGAREDONA !

RIVODOZA GAMANE 8
## MITONDRA ORAMBE !

TOAMASINA 8
## MIAKATRA NY RANO, NISY NY TRANO NARODANA

FANORONA 2



## ANDRASANA NY FIADIANA NY TOMPONDAKAN'I MADAGASIKARA

CHRISTINE RAZANAMAHASOA 7
# NITORY ENY AMIN'NY HCC NY VONDRONA IRD




PASI PASI 10
ANDRY RATSIVAHINY



## MBOLA VONONA HIFANINANA AMIN'NY ZANANY ENY AMIN'NY "PISTE" ARIVONIMAMO

BANKY IRAISAM-PIRENENA 9
# TSY ARA-DALANA NY 60 ISANJATON'IREO ASA AN-TANAN-DEHIBE




Lalao fanorona malagasy

# Miandry ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ny mpankafy

*Lasa anjorom-bala ilay lalao fanaon'ny mpanjaka taloha na dia efa maro aza ny mpilalao sy ny mpankafy azy ankehitriny kanefa mba manana ministera mpiahy ihany.*

Miandry mafy ny fiadiana izay ho tompon-dakan'i Madagasikara ny mpilalao fanorona manerana ny Nosy amin'izao fotoana izao. Mangataka ireo malalatanana sy mpanohana izy ireo mba hiara-hiasa aminy mba hahatanteraka izany. Miantso ny Minsiteran'ny Serasera sy Kolontsaina mpiahy azy izy ireo mba hijery akaiky ny fangatahany mba hahatanteraka ny fiadiana ny tompon-dakan'i Madagasikara amin'ity taona ity. Raha tsiahivina dia tamin'ny taona 2022 no nisy fiadiana ny tompon-dakan'i Madagasikara farany teto amintsika. Jean Marie Lalao, na Zama Be, no nibata ny fandresena tamin'izay fotoana izay. Hatramin'izao, tsy nisy intsony intsony izany. Toa lasa anjorom-bala ilay lalao fanaon'ny mpanjaka taloha ity na dia efa maro aza ny mpilalao sy ny mpankafy azy ankehitriny. Tsapa ihany koa fa mihatanora ny mpilalao azy amin'izao fotoana izao. Manao izay ho afany amin'ny fikarakarana fihaonana sy lalao am-pirahalahiana ary mivezivezy manerana ny faritra maro ihany ny tompon'andraikitra voalohany eo anivon'ny Vovonana Nasionaly Fanorona Malagasy. Betsaka ny laka





Lasa anjorombala ilay lalao fanaon'ny Mpanjaka fahiny kanefa mbola maro ireo tanora mankafy azy amin'izao fotoana izao.

efa natsangana, indrindra ny eto Antananarivo, ary tsy latsak'izany ihany koa ny any amin'ny faritra.

**Lalao « Open Pergola »**

Mandra-pahatongan'izany dia raikitra ny lalao ara-pirahalahiana karakarain'ny Vovonanan'ny Fanorona Alamanga etsy amin'ny Laka Pergola Antanimena, ny asabotsy izao. « Open » ny raiki-pohy hitondrana ny fifaninana ka afaka mandray anjara avokoa izay te hilalao rehetra. Efa tapitra aloha ny fisoratana anarana fa hatreto dia mpilalao tsy latsaky ny 25 no hifaninana. Ho avy ao daholo ireo sangany sy ireo vao misondrotra kanefa efa manana ny maha izy azy amin'ity lalao fanorona ity. Anisan'ny nahatonga solontena ny avy any Fianarantsoa, Vakinankaratra, Bongolava ary ny avy eto Analamanga. Izay 3 voalohany no hahazo loka ka 200 000 ariary ho an'ny tompon-daka, 100 000 ariary ny faharoa ary 50 000 ariary ny fahatelo. Ankoatra izay dia hisy ny fizarana koba mamy ho an'ny mpanatrika rehetra.

**Tiaray R**

Sinema malagasy- " Lava'Alina "

# Halefa in-3 etsy amin'ny Ccesca Antanimena ny alatsinain'ny Paska




Ho hita mivantana amin'io alatsinain'ny paska io avokoa ireo nandrafitra sy mpilalao ny horonan-tsarimihetsika " Lav'Alina ".

Afaka 6 andro dia higadona ny alatsinain'ny Paska. Samy manana ny fandaharam-potoanany hanamarihana izany ny tsirairay amin' io fotoana io. Ny Manjaka sary Production kosa dia mikarakara fandefasana horon-tsarimihetsika iray mitondra ny lohateny hoe « Lav'Alina » etsy amin'ny Ccesca Antanimena, araka ny efa nampanantenan'izy ireo. « *Ndao mba hiova fomba fanao indray ka tsy hijery fampisehoana na hitsangantsangana fa hijery sinema malagasy novokarin' ny Malagasy ho an'ny Malagasy* » hoy i Manjaka Hery. Manana safidy 3 ahafahana mijery an'i « Lav'Alina » ny rehetra, satria dia misy ny hanomboka amin'ny 11 ora sy amin'ny 2 ora tolakandro ary amin'ny 4 ora hariva. Amin'ny alatsinain'ny Paska io aloha no handefasana azy eto Antananarivo fa hitety faritra indray ny Lav'Alina aorian'io. Amin'ity fotoana ity ihany koa no hahitan'ny maro ireo mpilalao ao anatin' io sarimihetsika Lav'Alina io, toa an'i Sombiniaina mpanao hatsikana (Stand upper) sy ireo mpanatontosa. Ho an'ireo izay mbola tsy nahazo tapakila dia afaka manjifa izany ao amin'ny Super Music Analakely sy etsy amin'ny Nectar Ankaditapaka. Efa nanomboka tamin'ny alatsinainy ihany koa ny famarotana izany eo anoloan'ny CcEsca Antanimena. Azon'ny olona feno 12 taona no miakatra jerena ny filma ary tsara hojeren'ny fianakaviana mihitsy, satria mifono anatra sy mampita fahalalana.

Hery Manjaka sy Tsilavo Hasina no nanoratra ny tantara, Fitatra Manaja no mpanatontosa ary Keps Landry no nanao ny fandrindrana ny sehatra. Samy efa matihanina amin'ny fanodinana sarimihetsika avokoa izy ireo ary efa manana traikefa. Ity Lav'Alina ity anefa dia Filma hafa mihitsy satria hanasongadinan'ny mpanoratra ny herin'ny fahamarinana izay tsy mety maty manoloana ny fitiavan-tena sy ny fitiavam-boninahitra ary ny fitiavam-bola ataon'ny olom-bitsy. Anatin'ny gidragidra sy herisetra no hamahan' i Manjaka izay mpilalao fototra ao amin'ny tantara ny olana. Na eo aza izany dia ahitana taratra ny valifaty sy ny fitiavana ny tantara.

**Tiaray R**

Madagascar Espace Ambohimangakely

# Revy milay miaraka amin'i Lola

Rehefa avy nanafana sy nampirevy mozika sy ny kantony tany amin'ny faritra Itasy sy nitety toerana teto an-drenivohitra i Lola dia izao mbola manohy mampitotorebika etsy amin'ny Madagascar Espace Ambohimangakely izao indray ny sabotsy 30 martsa 2024 ho avy izao indray, izay hanomboka amin' ny 9 ora alina. Mifanandrify indrindra ao anatin'ny fankalazana ny fetin'ny Paska moa ny fampisehoana ka antenaina fa hiala voly sy hanararaotra ireo mpankafy. Etsy ankilany tsy zovina amin'ny rehetra ny fifehezan'i Lola feo ravahan'ireo mpitendry matihanina miaraka aminy amin'io fotoana io. Ny mpikarakara moa dia efa vonona tanteraka amin'ny fandraisana ireo izay ho avy hikorana eny an-toerana : sakafo, zava-pisotro, tsakitsaky isan-karazany. Isan'ny mampiavaka ny « cabaret » fanao eny amin'ity trano fandraisan-danonana ity dia hialoavana fanentanana maro samihafa ny seho, isan' izany ny « animation dj » « karaoke » sy ny maro hafa. Mivalapatra ny fotoana amin'io ka tsy hisaraka raha tsy samy efa drodroka ny rehetra, malalaka ihany koa ny fangatahana hira ho an'ny mpanotrona, ary mampilaza ny mpikarakara fa ho avy avokoa ireo ekipa mandrafitra an'i Lola. Totorebika, fety aman-danonana izany no miandry ireo izay ho avy ny sabotsy izao ka herezo ny famandrihan-toerana eny amin'ireo toerana efa mahazatra hividianana tapakila : Mada Hotel Andavamamba sy ny Mada Hotel 67 ha. Ka dia Sabotsy mifankahita e !

**Mamie**



Mafana hatrany ny revy miaraka amin'i Lola sy ny ekipany.

# Tafa....sika

Wawa Salegy

## " Nahitako firenena sy tanàna maro ny lamozika "

*Wawa Salegy. Anisan'ny mpamoron-kira sangany ary azo lazaina fa kintan'ny mozika malagasy. Hiaka-tsehatra hanafana ny fetin'ny alatsinain'ny paska eto Andrenivohitra izy. " Lundi de pâques haute voltage " etsy amin'ny kianja Mahamasina. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*

**Gazetiko** : Anisan'ny mpihira salegy malagasy sangany ianao. Mba tantarao hoe ny lalana nizoranao ka nahatonga anao amin'izao toerana misy anao izao.

**Wawa** : « *Efa hiditra amin' ny faha- 20 taona niakarana sehatra aho izao. Ny lalana nodiaviko ka nahatonga ahy amin'izao toerana izao. Mpively amponga maroanaka tao amin'ny tarika JB junior no nanombohako teo amin'ny zavakanto* ».

**Gazetiko** : Ianao daholo ve no mamorona ny hiranao ? Amin'ny fotoana inona ianao no mamoron-kira ? Taiza daholo ny tany efa nalehanao ? Iza daholo ireo artista vahiny miara-miasa aminao ?

**Wawa** : « *Izaho daholo ihany no mamorona ny hirako rehetra hatramin'izay ka hatramin'izao. Ny gadona salegy no tena hahafantarana ahy. Efa maro ny tahirinkira navoakako.*

*Ny fotoana hamoronana hira, rehefa fotoana tsy fisian'ny asa iny, ohatra hoe rehefa volana janoary iny.*

*Nahitako firenena sy tanàna maro ny lamozika : Eropa iray manontolo ; ireo nosy aty amin'ny ranomasimbe indiana (Maorisy, La Reunion, Mayotte, ...) ka hatrany Dubai.*

*Maro be ny artista vahiny miara-miasa amiko, fa anisan' ireny izay asongadiko i Diambond Paltiniuz* »



**Gazetiko** : Mahavelona ve ny mihira eto amintsika ? Aiza ho aiza ny programan' ny festival Somaroho 2024 ? Inona no torohevitra omenao ireo tanora te ho matihanina amin'ny hira ?

**Wawa** : « *Tena mahavelona tsara ny asa maha mpanakanto rehefa ifotorana. Izaho izao tena tsy manana asa hafa afa-tsy ny mozika.*

*Mikasika ny festival Somaroho, efa eo andalam-pikarakarana izahay izao. Efa hivoaka tsy ho ela ny programa amin'ity taona 2024 ity.*

*Ny torohevitra omeko ny tanora te hiditra ho matihanina amin'ny lamozika ka te ho lasa lavitra. Aleo mamorona fa tsy maka tahaka be loatra ny lamozika vahiny. Apetraho amin'ny toerany ary omeo vahana ny gadona malagasy fa io no hahafahana mandeha lavitra kokoa* ».

**Gazetiko** : Hiaka-tsehatra etsy Mahamasina ianao amin' ny alatsinainy. Inona no toky omenao ny mpankafy, satria eo ihany no hahita anao amin'io ?

**Wawa** : « *Hiaka-tsehatra ao amin'ny Stade Barea annexe Mahamasina ny tarika Wawa. Io no anisan'ny seho goavana hatolotray ho an'ny mponina eto Antananarivo. Efa ho 7 taona izahay no tsy nandalo niaraka tamin'ny mpankafy anay teto. Teo ny fotoana somary tery sy ny hamehana ara-pahasalamana tamin'ireny covid ireny.*

*Manantena aho fa ho tonga marobe isika amin'ny alatsinain'ny paska io. Haharitra adiny 2 sy sasany ny anjaranay. Tena ambiansy haute voltage io fa tongava* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**



**Hivimbina ambiansy ho solon'ny voandalana ho an'ny rehetra i Rijade amin'ny alatsinainy io.**

Ho avy i Rijade

## Programany ny hiaka-tsehatra eny Ivato

«*Niainga omaly tany Frantsa hamonjy ny fampisehoana goavana hotanterahina eny amin'ny Club Nautique Ivato i Rijade. Mampanantena izy fa hitondra zavabaovao ho an'ny mpankafy sy ny mpialavoly rehetra tonga eny antoerana* », hoy Atoa Patrick, tomponandraikitra voalohan' ny ao amin'ny Global Action, mikarakara ilay hetsika Tsinjaka be eny amin'ny Club Nautique Ivato. Andriambavilanitra anisan'ireo kintan' ny mozika tropikaly i Rijade. Avy any Nosy Be izy, saingy efa nisafidy ny honina sy hilaravinahitra any Frantsa ankehitriny. Na any ampita aza izy no mipetraka, tsy mitsahatra ny mamorona hira sy mampiroborobo ny kanto malagasy hatrany. Anisan'ny mampiavaka an'i Rijade ny fisokafany amin'ny artista maro be. Izany hoe tia miara-miasa amin'ny mpanakanto rehetra izy, izay arahina vokatra hatrany amin'ny alalan'ny fampiarahām-peo. Artista marobe no efa namoaka hira fampiarahampeo taminy, raha tsy hilaza afa-tsy ry Rim-ka, Goulam ; Sreydan, Ckycky, Aaliyah, Natahan Gabri, Basta Lion, Dah'Mama, Mickael Kha, Samoela, Wawa salegy. Efa vita rindran-tsary avokoa ireo vazo niarahany tamin'ny mpanakanto namany ireo.

**Tsinjaka be**

Fa raha hiverenana kosa ilay anton-diany eto Madagasikara. Mpanakanto maro no hiray sehatra aminy eny amin'ny Club Nautique Ivato amin'ny alatsinain'ny paska io. « Tsinjaka be » no anarana hisaloran'ny hetsika, izay efa fanaon'ny ekipan'ny Global Action isan-taona. Izany hoe isaky ny fetin'ny alatsinain'ny paska izay fitsangantsanganan'ny olona. Anisan'ireny ry Rimka, Wawa, Ceasar, Black Nadia, Raouto sy ny maro hafa.

Amin'ny ankapobeny dia natao ho an'ny olona eny amin'ny faritr'Ivato sy ny manodidina io. Nampanatonina ny vahoaka mba tsy hampijaly azy ireo rehefa mody mijery fety ety an-drenivohitra, araka ny fanazavan'ny tomponandraikitra.

**Fy**

Coliseum Antsonjombe

## Manomboka sahady ny fikarakarana ny toerana

Herinandro alohan'ny hetsika. Efa manomana sy mikarakara ny toerana hanatanterahana ny fampisehoana goavana sahady ny ekipan'ny Mi-Art-i Pro, mpikarakara. « *Efa manomboka ny fikarakarana ny sehatra eto amin'ny Coliseum izahay* », hoy Atoa Tatamo. Mpanakanto goavana avokoa no hanafana eny an-toerana ny alatsinain'ny paka izao, ahitana an-dry Ceasar, Tence Mena, Jerry Marcoss, Stephanie, Big MJ, Black Nadia, Raouto, Rappa sy ny maro hafa. « Lundi de pâques goavambe » rahateo no lohatenin'ny fampisehoana, izay voalaza fa hanomboka amin'ny 9 ora maraina ka mandra-paharivan'ny andro. Araka ny fanazavana dia matihanina amin'ny fanamafisam-peo sy ny ravaka no hiandraikitra izany. Ka ny fanamafisam-peo sy ny jiro dia horaisan'ny Ivenco avokoa, fa ny « écran » goavambe kosa dia ny Jay audio no hikirakira izany.

Ankoatra ny fampisehoana dia voalaza fa hisy lalao marobe zay hahazoana « t-shirt » sy kaskety eny an-toerana.

**Fy**



**Ireo mpanakanto hanafana mandra-paharivan'ny andro.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-20)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-9)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-18)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-12)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-7)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 791/6-2)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 791/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 791/6-2)

Maintirano

# Zandary iray lavon'ny bala teo am-pisamborana olon-dratsy

*Tonga dia noraisim-potsiny izy satria tsy tafatsoaka intsony.*

Namoy ny ainy ny zandary kilasy faharoa antsoina hoe Ramilave. Voatifitra nandritra ny fisamborana olon-dratsy tao Ankerabe, kaominina Bemokotra atsimo, distikan'i Maintirano, faritra Melaky, ity mpitandro ny filaminana ity, omaly maraina. Zandary roalahy no niaraka fa ny « G2C » Ramilave no voakasiky ny bala. Noezahina nentina tany amin'ny hopitaly ihany saingy tsy tana ny ainy. Raha ny fanazavana dia avy tao anaty trano ilay jiolahy no nitifitra azy. Gorabaky ny bala teo amin'ny vanihan'ity zandary ity. Naratra mafy izy ka teo am-pahatongavana ny toeram-pitsaboana no tapitra ny ainy, tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany maraina teo ho eo. Lavo teo am-pamitana ny asany ilay zandary, izay fantatra fa avy amin'ny andiany faha-74. Ny vaovao avy any an-toerana ihany no nahafantarana fa handeha hisambotra jiolahy antsoina hoe Fidôizy ireo. Io farany dia tafiditra ao anatin' ny fikambanan-jiolahy ary iray amin'ireo dahalo nangalatra omby. Olona tsara sitrapo no nanoro ny toerana nisy an'ity olon-dratsy ity. Raha tsiahivina dia nahaverezana basy ny fanafihana nataon'io Fidô io ary heverina fa izany basy izany no nampiasainy nitifirana an' ilay zandary. Efa ho iray volana lasa izay ilay tranga ary handeha hisambotra azy ny antondian'ireto zandary. Omaly tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany maraina ireto zandary ireto no tonga tao amin'ny tranon'io dahalo io.



Ilay zandary lavo am-perinasa.

**Nandositra**

Tampoka teo anefa, nivoha ny varavarana ka vehivavy, izay voalaza fa tompontrano, no nivoaka. Efa niomana hivoaka avy tao aoriany i Fidô. Rehefa nahatsikaritra ny fisian'ireto zandary izy dia nitifitra avy ao an-trano ka nahavoa an'i « G2C » Ramilave no sady nivoaka nandositra. Namaly tifitra ireo zandary roa lahy ka nandratra azy ihany koa ary latsaka ilay basy teny aminy. Na izany aza dia mbola afa-nandositra ihany ilay olon-dratsy na dia efa naratra aza, raha ny fanazavan' ny loharanom-baovao. Nentina namonjy toerampitsaboana avy hatrany ilay zandary naratra. Ka teo ampahatongavana ny tananan'i Bemokotra, no tsy tana intsony ny ainy.

**Deyland**

Miarinarivo

# Lehilahy nanolana ny taizany nidoboka am-ponja

Lehilahy iray 26 taona no voasambotra noho ny fanolanana zazavavikely iray 14 taona tany Miarinarivo. Taorian'ny niakaran'ny raharaha tany amin'ny fampanoavana afakomaly dia nanapa-kevitra ny mpitsara mpanao famotorana ny hampiditra am-ponja vonjimaika azy any an-toerana mandrapahatongan'ny fotoampitsarana. Araka ny fanazavana dia taizan'ity lehilahy ity ihany io ankizivavy nanatanterahany ny filan-dratsiny io. Tsy tao an-tranony ny vadindralehilahy fa nisy dia nalehany. Izy sy ilay ankizy taizany ihany araka izany no tavela tao. Dia nitsiry nandritra izany ny hevi-dratsin'ilay lehilahy ka io nanamparany herisetra ara-nofo io ilay ankizivavikely. Ny 11 martsa lasa teo no nisehoan'izany, tany amin'ny fokontany Ampaisokely, ao anatin'ny kaominina Miarinarivo. Taorian'izay dia fantatra ihany ny mikasika ity fanolanana nianjady tamin'ilay ankizivavikely ity ka nentina teo anatrehan'ny manampahefana ny raharaha. Napetraka ny fitoriana tany amin'ny polisy mikasika ilay tranga fanolanana ka nandeha avy hatrany ny famotorana. Nisy ihany koa ny fikarohana ilay lehilahy voarohirohy ka rehefa voasambotra izy dia nentina nankany amin' ny biraon'ny kaomisarian'ny polisy tany Miarinarivo. Notanana tany izy ary natao famotorana ka rehefa vita ny fakàna am-bavany azy teo anivon'ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fampanoavana ny raharaha. Dia izao niafara tamin'ny fampidirana am-ponja an-dralehilahy izao.



Naiditra am-ponja vonjimaika ralehilahy.

**T.H**

Sainte Marie

# Tovolahy iray hita faty nihantona

Lehilahy iray tokony ho 20 taona no hita faty nihantona omaly maraina tany amin'ny faritr'i Sainte Marie. Hatairana ny an'ny olona raha nahita ny vatana mangatsiakany nihantona teo amin'ny sisin-trano. Vetivety dia nahoraka teo an-tanàna ny mikasika ity faty hita ity ka nirohotra nandeha nijery ny zava-nitranga ny olona, ka nitangorona teo. Fa teo anatrehan'izay dia nisy ihany ny niantso haingana ny tomponandraikitra tany an-toerana mikasika ity lehilahy maty ity. Anisan'ny nampandrenesina ny mpitandro filaminana ka tonga nidina ifotony tany amin'ilay toerana nisy ny razana ny zandary. Efa nampanantsoina ihany koa ny dokotera ka niaraka tamin'ireto farany nanao fizahana ifotony. Tamin'ny alalan'izany no nahafantarana fa nananton-tena ity lehilahy ity. Tsy nisy ratra rahateo ny vatany na koa nisy faritra kiaka. Hatreto aloha dia tsy fantatra mazava izay antony nahatonga azy hamoy fo tahaka izao. Ny fantatra fotsiny, araka ny fanazavana, dia heverina ho olana ara-pitiavana no nahatonga izany. Tsy zakany intsony angamba ny olana miseho ka nahatonga azy namono tena. Efa tonga tany an-toerana ny fianakavian'ity lehilahy namoy aina ity rehefa nandre ny zava-nitranga ka taorian'ny fizahana rehetra tokony nataon'ny dokotera sy ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fianakaviany ny fatin'ity lehilahy ity.

**T.H**

Ankazobe

# Telo mianadahy nalain'ireo dahalo an-keriny

Rehefa azo lazaina fa nilamina tsy nahenoana tranga intsony ny asan-dahalo sy fakana an-keriny tao amin'ny distrikan'Ankazobe dia niseho indray izany, afak'omaly. Olona telo mianadahy no lasan'ny dahalo an-keriny tao amin'ny tanàna atao hoe Manontanitsiloza, kaominina Talatan'angavo, distrikan'Ankazobe. Dahalo mpanao fakana an-keriny am-polony mirongo basy mahery vaika no naka azy ireo. Vehivavy 2 (Ramatoa Koloina 32 taona sy Nanja 28 taona) sy lehilahy iray (Andriamatoa Ririnina 25 taona) no lasibatr'izany, izay samy mipetraka ao Manontanitsiloza daholo. Niditra an-tsehatra avy hatrany mpitandro ny filaminana, zandary sy ny tafika malagasy any an-toerana amin'izao manao ny fanarahan-dia. Misy ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny fokonolona any ifotony ho mariky ny tagnamaron'ny fandriam-pahalemana. Tsy misy kosa ny olona naratra na voatifitra nandritra io fanafihana narahina fakana ankeriny nataon'ireo dahalo ireo.Tsiahivina fa tsy mikely soroka ny zandary manao ny asa fitandroana ny filaminana na andrenivohitra na eny ambanivohitra. Nataon'izy ireo ezaka amin'izao ny asa fanentanana sy ny fisorohana mba ho antoky ny filaminana. Natao filamatra ihany koa ny hoe « MAFI » na ny hoe « Miaro ho Antoky ny Fampandrosoana Ifotony ». Ireo rehetra ireo dia iarahana miasa amin'ny fokonolona ho mariky ny fiarahamientana sy ny fitiavan-tanindrazana. Manomboka ahitambokany ireo hetsika ireo na dia tsy hahafoana tanteraka ny tsy fandriam-pahalemana aza.

**Deyland**

midigazetikom@gmail.com

MANAL'AZY DE MI'MEME



Vangaindrano

# Mpanao trafikan-drongony voatifitra teo amin'ny lohany

*Nitsoraka tany anaty rano izy raha vao nahita ireo zandary ka nanaovana tifi-danitra.*



**Ireo rongony tratra!**

Raikitra ny fanenjehana ireto roa lahy mpanao trafikan-drongony tao Vangaindrano ireto ny alin'ny alatsinainy lasa teo. Trà-tehaky ny zandary teo am-piandrasana fiara hitondra ireo rongony hamidiny mantsy izy ireo tamin'io, izay efa nanaovana vela-pandrika. Vaky nandositra avy hatrany anefa izy ireo raha vao nahatazana ny fiavian'ireo zandary. Nifanenjehana tanaty haizina ka tafaporitsaka ny iray fa ilay faharoa kosa nitsoraka tany anaty rano. Nandrasan'ny zandary io ka tsy nipoitra raha tsy efa teny afovoan-drano. Nanao tifidanitra avy hatrany mba hanaiky mora saingy nitady làlana handosirana hatrany. Noho izany dia voatery tsy maintsy nitifitra ny zandary ka voan'ny bala teo amin'ny lohany io. Naratra mafy vokatr'izany izy ka nanaiky niverina niakatra an-tanety ihany. Tsy maintsy notsaboina haingana tany amin'ny hopitaly noho ny ratra nahazo azy ity lehilahy ity ka raha ny vaovao voaray dia efa tsy misy atahorana ny ainy.

**Rongony 15 gony**

Raha ny fanazavàna azo hatrany dia rongony dimy ambinifolo gony, milanja 167,300 kilao no saika haondran'izy roa lahy ireto, ka tonga dia nogiazan'ny zandary. Tavela teo amoron' arabe avokoa moa izany, satria maika hanavotra ny ainy ry zalahy ka navelany teo ny entana. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ilay namany iray tafatsoaka. Tsy mbola fantatra mazava moa hatreto ny fiavian'ireto rongony ireto sy ny toerana saika hitondràna azy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

**R.C**

Soanierana Ivongo

# Mpanarato navadiky ny lakana, lehilahy iray avotra, tsy hita popoka ny namany

Olona roa nandeha lakana handeha hanarato no navadiky ny lakana ka avotra soa aman-tsara ny lehilahy iray fa ilay namany iray hafa kosa tsy hita popoka. Omaly tokony ho tamin'ny 7 ora maraina no hitan'ny olona teny amin'ny sisin-dranomasin'i Ratambe, fokontany Matsokely, kaominina ambanivohitra sy distrikan'i Soanierana Ivongo, ny lehilahy iray. Mbola nisy aina izy tamin'io ka noezahin'ny olona nahita maso azy teo ny nanavotra azy. Nomena fitsaboana voalohany avy hatrany ralehilahy ary nomena sakafo sy rano ary lamba mafana izy. Araka ny fanazavana azo dia izy sy ny dadatoany no niaraka nandeha lakana handeha hanarato any amorondranomasina Andrafeta, fokontany Ambalahasina, kaominina Ampasimbe Onibe, any amin'ny distrikan'i Toamasina faharoa. Ratsy tampoka anefa ny andro ka io nivadika io ny lakana nentin'izy ireo. Araka ny filazany dia nilentika lasan'ny rano ilay dadatoany tamin'izy ireo mbola tany amin'ny ranomasin'Andrafeta. Fa izy kosa nentin'ny rian-dranomasina sy ny rivotra nianavaratra ka io tody tany Ratambe io ny sasakalin'ny alatsinainy lasa teo. Dia io avotra soa amantsara io izy ary efa manaraka fitsaboana sy fanaraha-maso fa ilay namany niaraka taminy kosa mbola tsy hita. Mitohy ny fikarohana io olona mbola tsy hita io.

**T.H**

RN2- Antsampanana

# Kamiao 3 nifandona, lehilahy 1 maty

Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona indray tamin'ny làlam-pirenena faharoa iny ny alatsinainy alina teo, tao Antsampanana. Kamiao miisa telo no nifandona ka lehilahy iray mpamily mpanampy no maty tsy tràdrano voafaokan'ny fiara. Nisy naratra ihany koa ny tao anatin'ireo kamiao hafa. Araka ny fanazavana azo, nisy fahasimbàna ireo kamiao roa nijanona teo amoron-dàlana. Voalaza fa tapaka hisatra kosa ilay kamiao iray ka tonga dia


**Toy izao ny zava-nitranga!**

nidofotra tamin'ireo kamiao roa ireo. Potika tanteraka ireo kamiao roa, ny iray moa nivadika tany amin'ny sisin-dàlana mihitsy. Nitsivalana teo afovoan-dàlana kosa ny iray. Vokatr'izany, tapaka tanteraka nandritra ny ora maro ny fifamoivoizana tamin'ny làlam-pirenena faharoa iny tamin'io alina io. Nitandahatra nanala ny alina teo ireo fiara maro nihazo an'iny làlam-pirenena faharoa iny. Efa mazava mihitsy vao niverina tamin'ny laoniny ny fifamoivoizana, satria tsy maintsy natao ny fomba rehetra nanalàna ireo kamiao nisakan-dàlana. Efa tonga nijery ifotony ny zavanitranga ihany koa ny mpitandro filaminana ka mandeha ny fanadihadiana.

**R.C**

FANTINA

## Ny Voasary sy ny voka-tsoa entiny

*Voankazo iray anisan'ny tena tsara ho an'ny fahasalamana tokoa ny voasary laoranjy(orange). Noho ireo singa maro hita ao aminy dia marobe ireo voka-tsoa entiny, izay hampahafantarina antsika eto. Fotoana fahavokarany rahateo izao ary efa mitobaka izy eny an-tsena rehetra eny ka tsara raha hararaotina ny fihinanana azy.*

**Vitamine C**

Anisan'ny tena mampiavaka ny voasary rehetra mihitsy izy manan-karena vitamine C. Mampitombo ny hery fiarovana indrindra amin'izao fiovaovan'ny toetr'andro izao, izay mety hiteraka gripa, dia tena tsara ny finanana voasary. Singanina manokana eto ny voasary laoranjy(orange). Afaka tonga dia hanina amin'izao ny voasary, na atao ranom-boankazo. Ahitana singa hafa toy ny "fibres alimentaires" sy "vitamine A sy B ihany koa izy ary sira mineraly. Tena tsara ho an'ny ankizy sy ny mpanao fanatanjahan-tena, ny vehivavy bevohoka ary indrindra ireo efa nahazo taona.

**Miaro amin'ny homamiadana**

Noho ireo singa hita ao amin'ny voasary dia miaro amin'ny aretina homamiadana ny fihinanana voasary. Ny maraina vao mifoha dia tsara raha misotro ranom-boasary iray vera. Mandrindra ny fiasan'ny taova ao anaty izy sady mamono ireo poizina ratsy rehetra tafiditra amin'ny vatana. Manadio ny rà, manampy amin'ny fandevonankanina. Noho izy voankazo ahitana rano betsaka dia manampy amin'ny tsy fahampian'ny rano amin'ny vatana izy ary mampidina hafanana raha sendra manavy.

**Miaro amin'ny fahanterana**

Tsara ho an'ny fikolokoloana ny vatana ihany koa ny voasary ary indrindra misoroka ny fahanterana aloha loatra. Manatsara ny hoditra ny fihinanana voasary, izay manamandina sy mitazona azy ho tanora lalandava. Miaro amin'ny aretin'ny vanin-taolana sy ny havizanana ihany koa ny voasary. Misoroka ny mety ho fahatapahan'ny lalan-drà tampoka ihany koa ka tena ilaina ny fihinanana azy. Na izany aza dia mila lanjalanjaina ihany ny fihinana azy fa tsy atao be loatra. Tsara ihany koa raha ampiarahina amin'ny voankazo hafa ihany.

**R.C**



Sakaraha

## Dahalo 18 nirongo basy nanafika tanàna

Nisehoan'ny fanafihan-dahalo tany amin'ny tanàna antsoina hoe Andranovory Manamboay, ao anatin'ny fokontany Boka, any amin'ny distrikan'i Sakaraha, omaly vao maraina. Dahalo miisa 18 nirongo basy mantsy no tonga nanafika ny tanàna tamin'io fotoana io. Nirongo fitaovam-piadiana toy ny basy sy lefona ary famaky ry zalahy ary vantany vao tafiditra ny tanàna dia namantana tany amin'ny valan'omby iray, ka nangalarin-dry zalahy tao ny omby 35 isa. Rehefa azon-dry zalahy izany dia lasa izy ireo, ary nandeha nianavaratra ny lalany. Nisy avy hatrany ny fanarahan-dia nataon'ny fokonolona. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-nitranga ihany koa ny mpitandro filaminana ka tonga nidina ifotony tany an-toerana ary nanampy tamin'ny fanarahan-dia. Napetraka ireo zandary miampy ny kalony any an-toerana mba hiandry ny kizo Andolondrehola, ao anatin'ny fokontany Antaralava, any Sakaraha ihany. Mitohy ny fanarahan-dia.

**T.H**

Fifidianana solombavambahoaka

# Mety hivoaka alohan'ny 28 marsa ny anaran' izay ho kandidan'ny mpanohana ny fitondrana

*Depiote am-perinasa maromaro no nandrenesam-baovao fa mety tsy hahazo ny tso-dranon'ny mpanapa-kevitra, amin' ity indray mitoraka ity.*




Mety hisy amin'ireo mpanohana no ho diso fanantenana !

Efatra amby roapolo ora mialoha ny daty nampahafantarina hanombohan'ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidian'ireo hifaninana ho eny Tsimbazaza, nahazoam-baovao fa mitohy ny fikaonandohan'ny lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny antoko sy fikambanana manohana ny mpitondra, hisafidianana ireo ho kandida hatolotr'izy ireo. Lisitra izay nandrenesana tsilian-tsofina fa mety hivoaka mialoha ny 28 marsa ho avy izao. Araka ny tsilian-tsofina ihany dia misy amin'ireo depiote am-perinasa nahazoam-baovao fa mety tsy ho anisan'ny kandidà hahazo ny tso-dranon'ny mpanapa-kevitra. Fanapahankevitra izay azo antoka fa hiteraka fahasorenana sy fahadisoam-panantenana eo amin'izay ho voahilika, indrindra raha nisy tamin'izy ireo no nafana fo nanao fanambarana manohana ny mpitondra tato ho ato. Ny ho kandida avy amin'ny mpanohana ny fitondrana izay heverina fa hahazo fanohanana na dia amin'ny ampahany ihany aza, manoloana ny fidangan'ny antoka takiana ho an'ny mpifaninana, tamin'ity indray mitoraka ity.

**Efa fantatra ny kandidà any Toamasina I**

Ny fanontaniana hafa manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe : Raha hirotsaka amin'ny anaran'ny tany ve ireo manan-katao dia mbola hanaraka baiko, raha tody soa aman-tsara eny Tsimbazaza? Efa miresaka fifidianana solombavambahoaka ihany dia tsiahivina fa efa fantatra, tamin'ny fiandohan'ny herinandro lasa ihany koa, ny kandidàn'ny firaisankina 11 any Toamasina. Ireto avy izy ireo: Distrikan'i Toamasina I : Randriantsalama Jacquis-Andrianarifetra Malalaniaina; Toamasina II : Tovondraza Odilon Jaonasy ; Vatomandry : Ratalata Michel; Antanambao Manapotsy: Ndalana Esperant ; Ambatondrazaka : Razara Pierre Fidèle Amparafaravola : Rabekijana Félix ; Moramanga: Andriamalala Herimanana; Fenerive Atsinanana : Mohamad Ahmad ; Soanierana Ivongo : Tody Arnaud ; Vavatenina : Razafimanantsoa Jean Claude ; Mananara: Zakahely Boniface. Andrasana ny anaran'ireo avy amin'ny distrika hafa, na avy amin'ny andaniny na avy amin'ny ankilany.

V.R.

Ramboasalama Emilien - Boriboritany faha-4

# Nanambara ny maha kandidà depiote azy

Manomboka mipoitra tsikelikely ny anaran'ireo kandidà depiote ao amin'ny boriborintany faha-4. Nandritra ny fihaonan'ny depiote Ramboasalama Emilien tamin'ireo mpanohana azy teny amin'ny Live hotel Andavamamba, omaly, no nanambarany tamin'ny fomba ofisialy ny maha kandidà azy indray, amin'ny fifidianana solombavambahoaka, hotanterahina amin' ny 29 may ho avy izao. Nantitranteriny nandritra ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety fa ny hevitry ny « base » izay mitaky ny firotsahany hofidiana no nanosika azy hirotsaka indray amin'izao fifidianana izao. « *Tsy misy mpanolotra aho fa ny vahoaka no manolotra ahy ary mirotsaka amin' ny anarako manokana aho amin'izany* », hoy izy. Amin'ny maha solombavambahoaka am-perinasa azy amin'izao dia nambarany fa mbola solombavambahoaka manaja tsara ny « mandat impératif » izy. Ary mbola manohy ny asa maha-solombavambahoaka soamantsara mandra-paha-tapitry ny « mandat ». Notsiahivin'ny kolonely Ramboasalama Emilien tao anatin'izany ihany koa fa « *Tsy tokony hisy intsony ny parachutage, ny feon'ny « base » araka ny efa notapahana tamin'ny kongresy no tokony henoina, dia izay no ataoka amin'izao.* ». Na dia mandeha amin'ny anaran'ny tenany manokana aza moa ny kolonely Ramboasalama, dia nanambara fa misokatra amin'ny rehetra ary tsy manam-pahavalo sy tsy manangam-pahavalo na amin'iza na amin'iza fa miezaka ny ho akaikin'ny vahoaka.



Nandritra ny fanambaran'ny depiote Ramboasalama Emilien teny Andavamamba, omaly.

Niry R.

## Marina izany !

### Angaredona!

**Baiko nidina ve sa nikoropaka fotsiny izao? Io no fanontaniana nanitikitika ny saina nanoloana ny angaredona nataon'ny mpomba ny fitondrana, niantefa tamin'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena, ny alatsinainy lasa teo. Nanao ranolava mantsy ny fanambarana nanakiana sy nanenjika io filohan'Andrimpanjakana io, avy amin'ny antoko sy fikambanana miray tendro amin'ny mpitondra. Nisy mihitsy aza ny nanao izany tamin'ny anarany manokana. Narangaranga ny sazy hanalàna ny filohan'ny Antenimieram-pirenena eo amin'ny sezany. Ny fahangian'itsy farany manoloana ny fanejehana dia azo adika ho tsy nampihontsona azy ny angaredona avy amin'ny mpanao pôlitika ary ny azo antoka dia miketrika, miaraka amin'ireo miombon-kevitra aminy ny fitadiavana vahaolana ny tenany. Izy rahateo nisafidy hitondra ny feon'ny vahoaka, amin'ny maha olomboafidy tany amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana azy, andaniny. Ary amin'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena nolanian' ny solombavambahoaka iraika amby dimampolo amby zato azy, ankilany. Tsiahivina fa anisan'ny nanenjehan'ny mpomba ny fitondrana ny filohan'ny Antenimierampirenena ny fisian'ilay fitsipaham-pitokisana, nahafahana nanangona sonian'ny solombavambahoaka 105, tamin'ny fotoan'androny. Manoloana izany dia manitikitika ny fanontaniana hoe: fanonganam-panjakana sy fanakorontanana ve ny fampiharana ny voalazan'ny andininy faha-103 ao amin'ny lalam-panorenana? Ambaran'io andininy voalaza eo ambony io mantsy fa afaka manozongozona ny lehiben'ny governemanta amin'ny andraikiny ny solombavambahoaka, amin'ny alalan'ny latsa-bato, ary azo raisina izany rehefa ny roa ampahatelon'ny depiote no nanao sonia. Mbola ho tantara mitohy !**

Voahangy Rakotozafy

Depiote Andry Ratsivahiny

# "Tokony hojerena ny fitantanam-bola ao amin'ny Antenimierampirenena"

Niteraka fanehoan-kevitra maro ny fanambarana nataon'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena farany teo. Isan'izany solombavambahoaka voafidy teny Atsimondrano, Atoa Andry Ratsivahiny. Nampametra-panontaninana, hoy izy ny fihetsiky ny filohan'ny Antenimieram-pirenena izay azo lazaina ho Raiamandreny eto amin'ny firenena kanefa mitady ny tsy hisian'ny fifidianana amin'izao. Notsiahiviny fa ireo antokon'ny kandidà nitaky ny tsy hilatsaka tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena tamin'izany aza ankehitriny no efa miverina miditra amin'ny zotram-pifidianana, ka eo no mampametra-panontanina. Manoloana izany indrindra dia miombon-kevitra amin'ny tokony hijerena ny resaka fitantanam-bola ao amin'ny Antenimierampirenena ity solombavambahoaka ity. «*Vola be tsy toko tsy forohana no tantanina ao ary ny filohan'ny Antenimieram-pirenena no mitantana azy, ka rehefa akaiky hifarana ve ny « mandat » dia mahavita miteny ianao hoe : olona no olana eto madagasikara.* ». Notondroin'Atoa Andry Ratsivahiny ho mpamadika tsotra izao ny filohan'ny Antenimierampirenena. Notsiahiviny fa isan'ireo nokendrena hitarika ny fanonganam-panjakana tamin'ny fitsapam-pitokisana tamin'izany tenany ary Rtoa PAN no nandresy lahatra azy tamin'izany ka mahatsiaro ho voafitaka ankehitriny.

Niry R.



Ny depiote Andry Ratsivahiny teny Atsimondrano omaly.

Christine Razanamahasoa

# Nitory eny amin'ny HCC ny vondrona IRD

*Telo volana latsaka mialoha ny hifaranan'ny fotoam-piasan'ireo mpikamban'ny Antenimierampirenena ankehitriny, niroso tamin'ny fanonganana ny filohan'io Andripanjakana eny Tsimbazaza io ireo olomboafidy IRD.*



**Voapetraka teny amin'ny HCC omaly ny fangatahana fanonganana an-dRtoa Christine Razanamahasoa tsy ho filohan'ny Antenimierampirenena intsony.**

72 ora aty aorian'ilay ampamoaka goavana nataon-dRtoa Christine Razanamahasoa, nahavoaray fangatahana avy amin'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD, Velontsara Paul Bert mba hanonganana io laharana voalohany eny Tsimbazaza io ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana. Rehefa nohadihadiana lalina ny antony dia nahazoam-baovao fa tsy levon'ny vavonin' ireo oloboafidy miaradia amin'ny Filoha Andry Rajoelina ny fanambarana nataony nandritra ny famoriany mpanao politika avy amin'ny firehana samihafa teny Tsimbazaza tamin'ny sabotsy teo. Niaingan-dry Velontsara Paul Bert tamin' izany ny voalazan'ny andininy faha-72 amin'ny Lalampanorenana manao hoe tokony hijanona ao anatin'ny antoko nahavoafidy azy hatrany ny depiote mandritra ny fotoam-piasany, izay nambarany ho nodikain'io Filohan'ny Antenimierampirenena io. Araka ny tsiliantsofina dia mety amin'ny herinandro ambony no hamoaka ny fanapahan-keviny mikasika io fitoriana napetraky ny Vondrona Parlemantera io ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Ao anatin' izany rehetra izany, raha fintinina ilay nambaran-dRtoa Christine Razanamahasoa teny Tsimbazaza tamin'ny faran'ny herinandro teo dia naneho ny fahadisoam-panantenany amin'ny mpitondra ankehitriny ny tenany.

**Miaro ny fitondrana**

"*Tsy izao Madagasikara firenena faran' izay mahantra indrindra eran-tany izao no nifanarahana tamin'ny nanaovana ny tolona tamin'ny 2009 ka niakarana teny Ambohitsirohitra 15 taona lasa izay*", hoy izy tamin'izany. Navohitrany ihany koa fa adidy ny miteny ary tsy hanaiky ny hiray tsikombakomba amin'ny tsy fahombiazana sy ny famitahana vahoaka ny tenany ary raha mitovy ny maharary azy ny an'ny vahoaka dia mila ny fanohanan'ireto farany ny tenany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Etsy andanin'izany, voapetraka teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana omaly ihany koa ny fitorian'ny Vondrona Parlemantera IRD mba hanonganana ny Loholona Herimanana Razafimahefa, Filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha. Tsy fantatra mazava ny anton'ity farany saingy heverina fa noho izy tsy tazana matetika miaro ny fitondrana mijoro ankehitriny no nandraisan' ireo loholona IRD izany fanapahan-kevitra izany.

**Mamy R.**

Lisea Andranonahoatra - Itaosy

# Nisantatra ny hetsi-pahatsiarovana ny tolom-panafahana 1947, omaly





**Mila mahafantatra ny endri-pitiavan-tanindrazana nasehon'ireo Raiamandreny mpitolona tany aloha ny tanora ankehitriny, hoy ny depiote Alain Ratsimbazafy.**

Teny amin'ny Lisea Joseph Ravoahangy Andrianavalona Andranonahoatra, Fari-piadidiam-pampianarana Antananarivo Atsimondrano, no nanatanterahana ny hetsi-pahatsiarovana ny faha-77 taonan'ny tolompahanafahana tamin'ny 29 martsa 1947, teny Itaosy omaly. Tolom-panafahana, Fitiavan-tanindrazana, Fampandrosoana ; ireo no lohahevitra nitondrana ny fotoam-pankalazana. Hetsika ara-kolontsaina maro samihafa nentina nankalaza izany. teo ny fanehoan'ireo ankizy ny talentany tamin'ny dihy vako-drazana, ventsonkiran'ny antoko mpihira « Fitiavan-tanindrazana », famoronan tononkalo ho an'ny tanindrazana, sns. Teo ihany koa ny fampirantiana sary mirakitra ny tolom-panafahana nisy teto madagasikara tamin'ny fotoan'androny. Tonga nanome voninahitra ny lanona ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy teny Atsimondrano, ireo ben'ny tanàna sy mpanolontsaina ao amin'ny kaominina fito mandrafitra ny distrikan'Atsimondrano, ireo solontenan' ny ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny minisiteran'ny Foloalindahy narahin'ireo solontenan'ny distrika. Samy nanamafy ny tokony hamoazana ny fitiavan-tanindrazana ao ampon'ny ankizy sy ny tanora dieny mbola kely daholo izy ireo nandritra ny fandraisampitenenany avy.

**Manosika handray andraikitra**

*«Matoa miezaka sy mitozo amin'ny fianarana dia mieritreritra ny hitondra an'i Madagasikara ho any amin' ny fampandrosoana. Ezaho fantarina ny tantara, fa ny fahafantarana ny tantaran'i Madagasikara no manosika handray andraikitra sy hikatsaka izay hahasoa ny firenena»*, hoy ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Antsimondrano, Alain Ratsimbazafy niantso an'ireo mpianatra hanamafy ny fitiavan-tanindrazana. Isan'ireo olom-boafidy miezaka mijery ny sekoly eny Atsimondrano ity solombavambahoaka ity raha tsy hitanisa afa-tsy ireo boky manodidina ny 1000 sy ny dabilio miisa 560 natolony ny mpianatra teny anivon'ny lisea. Niantso an'ireo tanora mpianatry ny lisea mba tsy ho varimbariana ihany koa ny ben'ny tanànan'Andranonahoatra, Atoa Rasamison Hajanirina izay nandray ny hetsika raha nilaza, fa *« Tena tsara ny hampahatsiarovana ny ankizy fa misy ny atao hoe : Tanindrazana, misy ny atao hoe : firenena ».*

**Niry R.**


**PRIERE MIRACULEUSE**



Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.
Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.
GCL 788/1-1 27/03/24 R.Yvette

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rivodoza Gamane - Mitondra orambe

# Tapaka ny lalana mampitohy an'i Sambava sy Vohémar

*Tombanana hahatratra 50 hatramin'ny 120mm ao anatin'ny 24 ora ny tahan'ny rotsak'orana amin'ireo toerana ireo.*



Toy izao ny zava-misy any amin'ny tetezana Mananonoka, izay nihotsaka.

Omaly tamin'ny 5 ora maraina no nahazo anarana hoe « Gamane » ilay andro ratsy niforona ao amin'ny ranomasimbe indianina. Tamin'ny 9 ora maraina dia tany amin'ny 150km avartara atsinanan'i Vohemar no nisy ny foibeny. Niakatra ho « Forte Tempête Tropicale » ny sokajy misy azy, izany hoe mitondra rivotra 90km/ora sy tafiotra mahatratra 125km/ora. Mikisaka miadana mianavaratra andrefana izy ka mahafaka 05km/ora. Raha ny antontan- kevitra sy ny fironana farany dia ahiana hivoatra akaiky na hipaka amin'ny morontsirak'i SAVA i Gamane androany, na ny alina, amin'ny tanjaka « cyclone tropical », izany hoe miaraka amin'ny rivotra 150km/ora. Amin'izao fotoana izao dia efa mikorontana ny toetry ny andro any amin'ny tapany avaratra sy avaratra atsinanan'ny Nosy nanomboka omaly, ary mitatra amin'ny faritra Analanjirofo izany. Efa tondraka ny rano saika manerana ny faritra Sava. Voalaza ihany koa fa noho ny habetsaky ny rano loatra dia tapaka ny fifamoivoizana mampitohy an'i Vohemar sy Sambava, satria efa nanomboka tamin'ny sabotsy no nikija tsy nijanona ny orana. Manentana ny lehiben'ny distrikan'i Vohemar mba tsy handeha intsony izay mampiasa ny lalana ho any Sambava, satria efa miakatra izay tsy izy ny rano ary milaza ireo mponina monina amin'ny faritra iva mba hifindra monina na hanatona ny sekoly akaiky azy indrindra.

Telo andro sy telo alina ihany koa no nirotsaka ny rano tany Vavatenina ka nahatonga ny tetezana ao Mananonoka nihotsaka. Tapaka ny fifamoivoizana ao amin'ny RN22 mampitohy an' Antsikafika sy Vavatenina, 6km ao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Vavatenina. Tsy misy fiara afaka mandeha intsony, indrindra fa ireo fiara vaventy sy mpitatitra olona. Dobo rano ihany koa ny lemaka noho ny fahabetsahan'ny ranon'orana.

Eo anatrehan'izany, tokony ho mailo ny rehetra. Entanina ihany koa ny mpampiasa ranomasina eo anelanelan' Antsiranana sy Mahanoro mba tsy hiandriaka mandrapahalasan'ny loza tanteraka. Iangaviana ihany koa ny mampiasa ranomasina eo anelanelan'Analalava sy Antsiranana mba hitandrina mafy, satria mety hikorontana ny toetry ny andro indraindray. Tombanana hitondra rotsak'orana betsaka any Atsinanana, Alaotra Mangoro, ary ny ilany atsinanan'i Sofia ilay rivodoza Gamane. Tombanana hahatratra 50 hatramin'ny 120mm ao anatin'ny 24 ora ny tahan' ny rotsak'orana amin'ireo toerana ireo. Hisamonta ny ranomasina any amin'ny morotsiraka avaratra atsinanana, hahery na hahery be izany any an-kafa. Mety hahatratra 2.5/4m ny haavon' ny onja eo anelanelan'i Toliara hatrany Toamasina, hahatratra 5/8m kosa izany ho an'ny morontsirak'i SAVA sy DIANA.

Nath

Fiakaran'ny rano ao Toamasina

# Nisy trano narodana nampandehanana ny rano, olona roa lasan'ny rano

*"Voatery niasa andro aman'alina ny ekipan'ny kaominina ambonivohitr'i Toamasina nampian'ny polisim-pirenena, nanomboka ny faran'ny herinandro teo hatramin'izao. Nisy trano tsy maintsy narodana raha ny teto Salazamay 14/22 sy Morafeno nanamorana ny famoahana ny rano nandeha. Misy koa moa ny teknisianina eo anivon'ny CUT, midina ifotony mijery ny fomba hampihenana ny rano, izay miakatra hatrany isaky ny avy ny orana",* hoy Rtoa Bella, mponina ao amin'ity fokontany voalaza etsy ambony ity. Fantatra fa nisy olona roa nentin'ny rano ny alatsinainy teo tany Toamasina noho ny fiakaran'ny rano isam-pokontany maro. Tao anatin'ny andro maro izay dia avy hatrany ny orana, ka fokontany maro no nilona tao anaty rano nandritra ny andro maro. Isan'izany i Mangarano 11/47, Ambohijafy, Tanambao 5. *"Mijaly amin'ny aretin-koditra izahay iray fokontany eto ka maro no efa masaky ny rano ny tongotry ny olona noho izay filomana anaty rano nandritra ny herinandro maro izay. Na ny ankizy, na ny tanora ary ny olon-dahibe dia samy fotsy daholo ny vodin-tongotra",* hoy kosa Atoa Roger, mponina ao Ambohijafy. Midina ifotony mijery ny asa famoahana ny rano miakatra isam-pokontany hatrany Atoa Rakotonirina Nantenaina, ben'ny tanànan'i Toamasina. Raha ny tao Tanambao 5 dia nisy ny fampiasana fiarabe "tractopelle" nanokafana ny lakandrano andehanan'ny rano.

HAR



Toy izao ny fahavoazan'ny mponina ao Toamasina noho ny rano miakatra.

Tsifanjariantsakafo

# Zaza enina amin'ny 100 mbola tratran'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika

Notanterahina omaly tetsy Anosy ny atrikasa voalohany ataon'ny rafitra manaramaso sy manao tombana amin'ny asa atao eny ifotony mikasika ny tsifanjariantsakafo eto amintsika. Araka ny fanazavana nentin'ny mpandrindra nasionalin'ny ofisim-pirenena misahana ny fanjariantsakafo, na ONN, ny Pr Vololontiana Hanta Marie Danielle, « *raha ny antontan'isa nivoaka tamin'ny EDS 2021, mbola misy zaza efatra ao anatin'ny folo tratran'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka eto Madagasikara, ary zaza 6 amin'ny 100 no tratran'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika. Anisan'ny ambony indrindra amin'ity farany ity ny any atsimo ka anisany ny faritra Androy, Atsimo Atsinanana, ary Menabe.* » Misy ny ezaka natao ary noezahina natao



Ny Pr Vololontiana Hanta Marie Danielle manazava ny asa atao mandritra ny atrikasa.

marolafy izany mba hanatsarana ny vokatra. Mandritra ity atrikasa voalohany ity no hahafantarana ny ezaka natao sy ny toerana nanaovana izany hahafana mamantatra ny fivoaran'ny zavamisy. Raha hita fa tsy nisy fahombiazana dia ahoana no atao mba hanovana izany toejavamisy izany ary inona indray ny paikady mila entina ? Raha misy hita mahomby kosa, ahoana no atao hanaparitahana ny fomba fiasa ary mampiakatra izany rehetra izany any amin'ny rafitra eo anivon'ny primatiora ? Mba hampihenana ny tahan'ny zaza marefo tratran'ny tsifanjariantsakafo amin'ny toerana iray, inona no fanapaha-kevitra mila raisina ao anatin'ny fotoana fohy hanovana izany tranga izany ? Fiaraha-miasa eo amin'ny ONN sy ny JICA/PASAN no nahafahana nanatanteraka izany tombana mikasika ny PNAMN izany. Voalaza ihany koa fa hisy fanadihadiana goavana be mikasika ny tsifanjariantsakafo hotanterahina amin'ity taona ity eto amintsika hahafahana manaraka ny fivoaran'ny asa izay natao.

*Misy ny atrikasa voalohany hanaovana tombana ny asa vita na tsia hahafahana manatsara ny toejava-misy.*

Nath

Unicef

# Marefo amin'ny fiovan'ny toetrandro ny ankizy

Araka ny tatitra navoakan'ny Unicef dia tsy ampy ny rotsakorana any amin'ny tapany atsimon'ny nosy iny ary manimba ny ezaka vita tamin'iny 2023 iny izany. Vokany, lasa marefo ny mponina any ary ahiana indray ny hisian'ny krizy. Maherin'ny 262 000 ny zaza latsaky ny 5 taona efa tratran'ny tsifanjariantsakafo any amin'iny faritra iny. Eto Afrika « orientale » sy « australe » anefa mafana loatra ny andro ka mitarika amin'ny haintany goavana izany, mahatonga firenena maro miaina mivantana ny vokadratsin'ny fiovan'ny toetrandro. Amin'ireo toerana roa ireo fotsiny dia zaza 45 tapitrisa no mandalo karazan'olana maro samihafa ary vao mainka marefo noho ity fiovaovan'ny toetry ny andro ity, ka anisany ny firongatry valanaretina toy ny kolera, tsifanjariantsakafo, ranobe, haintany sy ny maro tsy voatanisa. Etsy ankilan'izany, misy ny tranga El Niño 2023-24, izay voalaza fa sady anisan'ny mafy indrindra hatramin'izay nisy no manaratsy ny toejavatra. Mihamaina ny tany ary tsy zarizary ny rotsak'orana manimba ny fambolena, ka manena ny vokatry ny tany, ary mampirongatra aretina maro. Ireo akora rehetra ilain'ny zaza mba hahafahany mivoatra sy miaina araka ny tokony ho izy toy ny rano fisotro madio, ny sakafo, fanabeazana, fandriam-pahalemana, sy ny maro hafa, noho io olana ateraky ny fiovan'ny toetrandro io avokoa. Eo anatrehan'izany rehetra izany, manao antso avo amin'ny tranga mety hiseho ny Unicef, indrindra amin'ireo sokajin'olona marefo, toy ny ankizy. Anisan'ny asa tokony hatao ny fahazoana tolotra ara-pahasalamana mifanaraka amin'ny filan'ny zaza sy ireo reny mitondra vohoka na mampinono. Tokony hanangana fotodrafitrasa ara-pianarana mifanaraka amin'ny zavamisy mba hahafahana miantoka ny fitohizan'ny fianarana mialoha, mandritra ary aorian'ny krizy.

Nath

Banky Iraisam-pirenena

# Tsy ara-dalàna ny 60 isanjaton'ny asa an-drenivohitra

*Tsy mamaly ny tena filàn' ny fampandrosoana.*



Tsy voahaja ny fenitra amin'ny maha tanàn-dehibe.

Mandringa ny fampandrosoana amin'ireo renivohitra eto Madagasikara. Araka ny fanadihadiana nataon'ny Banky Iraisam-pirenena, dia manodidina ny 60 isanjaton' ireo asa amin'ireo tanàn-dehibe no tsy ara-dalàna na koa tsy manara-drafitra. Avy amin'ireo tanàn-dehibe ireo anefa ny ampahatelon'ny harin-karena faobe, koa ny 44 isanjaton'izany dia avy eto Antananarivo avokoa. Nambaran'io fanadihadiana io fa tsy tena mandray anjara amin'ny fampitomboana ny harin-karena sy ny fampihenana ny fahantrana ireto farany. Raha nampitahaina tamin'ireo firenena hafa aty Afrika Subsaharienne dia hita fa mihazakazaka ny fiforonan'ireo tanàn-dehibe eto amintsika, saingy tsy ampy fandaminana sy famatsiambola ary fandrindrana amin' ny ankapobe ka tsy hahafahana mamaly ny filàna amin' ny fihazakazaky ny fangatahana asa mendrika, trano fonenana, fotodrafitrasa, ary tolo-draharaha fototra an-tanàn-dehibe. Ity fanadihadiana ity ihany no namaritra fa misy lesoka goavana eo amin'ny lafiny tolo-draharaha sy ny lafiny fotodrafitrasa, ary ny asa sy ny toeram-ponenana, izay tena manana taha ambony amin' ny tsy fanarahan-dalàna. Manampy trotraka ny fahareфoana amin'ny loza isankarazany, toy ny rivodoza, ny tondradrano, ny fiakaran'ny haavon'ny ranomasina, ary ny fikikisan'ny ranomasina ny sisintany. Misy fatiantoka ara-toekarena sy amin'ny fotodrafitrasa izany, ary manembantsembana ny fampandrosoana. Iarahamahalala fa niakatra 55,5 isanjato ny taham-pahantrahana an-tanàn-dehibe tamin' ny taona 2022 raha tany amin' ny 42,2 isanjato izany tamin' ny taona 2012.

**Fanamby**

Notanterahina omaly teny Anosy ny fampahafantarana ny vokatr'ity fanadihadiana ity. Anisan'ny nanatrika izany ny ben'ny tanànan'Antananarivo teo aloha, izay Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny fitsinjaram-pahefana ankehitriny. *« Tokony ho fanoitra amin'ny fampitomboana ny harin-karena sy ny fampihenana ny fahantrana ireo tanàn-dehibe manerana ny Nosy amin'ny alalan'ny fanomezana asa mendrika sy trano fonenana ary tolo-draharaha tsara kalitao ho an'ny mponina. Maminavina ny hametraka fanamby amin'izany ny minisitera amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra maty paika ho an'ny tanàna, ny fanavaozana ara-drafitra eny anivon'ireo kaominina, ary ny fametrahana fahaizamanao tekinika sy tahirimbola bebe kokoa ho an'ireo tanàn-dehibe. »*, hoy ny Minisitra Andriantsitohaina Naina. Anisan'ny vahaolana naroson'ny Banky Iraisam-pirenena ny fanamafisana orina ny pôlitika sy ny paikadim-pirenena amin'ny fampandrosoana an-tanàn-dehibe, ny fanatanterahana ny rafitra pôlitika mirindra eo amin'ny sehatra nasionaly, ny fampiakarana ny fampiasam-bola sy ny famatsiambola mikasika ny fotodrafitrasa sy ny tolo-draharaha an-tanàn-dehibe, ary ny fanatsarana ny fahombiazan' ny rafitra isan'ambaratongany sy ny fahafaha-manaon' ny tanàn-dehibe.

**R. Muray**

Fiangonana FMTA

# Mankalaza ny faha-130 taonany

Feno 130 taona ny FMTA (Fiangonana protestanta Malagasy Tranozozoro Antranobiriky). Amin'ny alatsinain'ny Paska 1 avrily ny fotoam-panokafana ny fankalazana eto Antananarivo, izay iarahana'ireo mpitandrina rehetra amin'ireo manam-pahefana. Amin'ny 14 avrily kosa ny fotoampanokafana faharoa iarahana amin'ireo FMTA manerana ny Nosy. Haharitra herintaona ny fankalazana, ka amin'ny taona 2025 vao hifarana. *« Hatao tsangambaton'ny faha-130 taona eo amin'ny lafiny ara-panahy ny fivoizana ny soatoavin'ny FMTA, dia ny « Asa soa, fitiava-namana, fahamarinana sy fahamasinana ». Tsangam-bato faharoa ny famitana ny ivotoeram-piofanana any Ambohimiadana Ampitatafika. »*, hoy ny mpitandrina Randrianary Roberto Thierry, filohan'ny komitin'ny fankalazana ny faha-130 taonan'ny FMTA. Hatramin'ny nioeranan'ny FMTA ka mandraka ankehitriny, dia efa misy 150 ireo fiangonana miorina manerana ny Nosy. Manana mpino manodidina ny 480 000 isa.

**R. Muray**




Fampahafantarana ny fandaharam-potoanan'ny fankalazana ny faha-130 taona tao amin'ny FMTA Ambatonakanga.



Manamafy ny fifandraisan'ny firenena roa tonta eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany ny fihaonana omaly teny Ampandrianomby.

Minisitry ny harena an-kibon'ny tany

# Nidinika tamin'ny ambasadaorin'i Korea

Tamin'ny volana febroary lasa teo no nanoloran-dRtoa PARK Ji-Hyun, ny taratasy manendry azy ho ambasadaorin'i Korea eto Madagasikara. Omaly, tonga nitsidika ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany, Rakotomalala Olivier Herindrainy, teny amin'ny minisitera Ampandrianomby ity diplaomaty ity. Nifampidinihan'ny andaniny sy ny ankilany nandritra ity fihaonana ity ny fanamafisana ny fifandraisana efa misy eo amin'ny firenena roa tonta, indrindra fa ny fiarahamiasa eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany. Nomarihin'ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany rahateo fa iray amin'ireo orinasa manana petra-bola ao anatin'ny tetikasa Ambatovy i Korea amin'ny alalan'ny orinasa koreana KOMIR (Korea Rehabilitation and Mineral Ressources Corporation). Nisy arak' izany ny fifanakalozan-kevitra teo amin'izy ireo momba ny mety hisian'ny fiarahamiasa vaovao eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

**R. Muray**

Samy...

### Mandini-tena !

Ao anatin'ny Herinandro Masina isika izao. Miverimberina ny filazana, resaka isika samy isika ihany, fa ao anatin'izany indrindra no mila mandinitena ny tsirairay. Raha izay ny hafatra avy amin'ny mpitondra fivavahana, mba mampiasa io voambolana io ihany koa ny mpanao politika sasany manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena. Nitana ny sain'ny maro ny fanambarana nataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena tato anatin'ny andro vitsi-vitsy. Namaly bontana izany ireo solombavambahoaka sy ireo amin'ny antoko nampandany azy ho depiote. Mianjera indrindra ao anatin'ny fotoana hisafidianana sy hanoloran'ireo hery politika eto amin'ny firenena ny kandidà hatolony sy harotsany amin'ny fifidianana solombavambahoaka hatao amin'ny 29 mey 2024 ho avy izao izany. Eo anatrehan'ny fihazakazaky ny raharaha, toa tsy misy intsony fotoana hahafahana mandini-tena eo amin'ireo mpisehatra amin'ireo raharaha ireo. Ny maha-variana sy mampieritreritra aza, resaka isika samy isika ihany, variana mana-raka izany ny vahoaka ka lasa tsy mandini-tena amin'ny manjo azy. Dobo rano noho ny orana mikija ny faritra vitsivitsy eto amin'ny firenena. Ireo niharam-boina ihany no mahatsiaro marary sy miantso vonjy. Nihanadio ny tanana taorian'ny folo andro natao hanalana ny fako, izao miverina mivangongo indray ny fako amin'ny toerana sasantsasany. Amin'izao ankatoky ny fetin'ny Paska izao, miakatra ny vidinjavatra. Toa ny mpanjifa ihany no maheno marary sy mikaikaika ! Dia toa samy variana amin'ny manahirana azy ny rehetra hany ka tsy misy fotoana intsony, resaka isika samy isika ihany é, mba mandini-tena ! Na izany eo amin'ny tontolo politika na izany eo amin'ny tontolo sosialy amin'ny fiainana andavanandro ! Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

# PASI PASI

Andry Ratsivahiny

## Mbola vonona hifaninana amin-janany mirahalahy eny amin'ny " piste " Arivonimamo

*Raha ny taranja haiady sy ny taranja iombonana hatramin'izay no betsaka efa navoaka teto, hiavaka kely kosa ny PASI- PASI anio, satria dia fianakaviana mankafy manokana ny spaoro mekanika.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***A.R :*** Andry Ratsivahiny no anarako.
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve ? Inona avy no spaoro ataonao dia ao amin'ny klioban'iza ?
***A.R :*** 46 taona aho izao , solombavambahoaka ary filohan'ny Kaomisionan'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Tsy vao izao aho no nitazona na niantsehatra tamin'ny resaka Tanora sy Fanatanjahantena fa efa hatramin'izay. Nanao karate, boxe française savate , kick boxing.
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao Spaoro ?
***A.R :*** Mbola kely aho dia efa nilona tamin'ny tontolon'ny fanatanjahantena, izay voatanisako tetsy ambony. Marihiko fa tsy nanao fifaninana nasionaly tamin'izany aho fa tena nianatra amin'ny fankafizana haiady tsotra izao. Faniriako hatramin'ny kely ny ho mpanamory fiarakodia Rallye tamin izany, fa efa lehibe efa niasa aho vao tanterako izany, ary efa tompondakan'i Madagasikara RuN 400m ny tenako tamin' ny 2012 . Faniriako ny hoe ho any Andafy tamin'ny tsipy kanetibe, ary niezaka tamin izany mihitsy aho, fa toa nofinofy ihany. Fa ny baolina kitra kosa no lasa nivoahako tany ampitan-dranomasina, ka firenena 14 no hitako tamin izany, izay nisoloako tena an'i Madagasikara tamin'ny andraikitra.
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao ? Iza avy dia manao spaoro daholo ve ? Tantaraina ny spaoro ataony.
***A.R :*** 4 ny zanako : 2 vavy izay samy milomano avokoa . Ny 2 lahy dia i Bryan 16 taona, izay vao 10 taona dia efa nanao kung-fu, ary nilomano koa. Teo amin'ny faha-14 taona dia efa voahosotra ho tompondakan i Madagasikara tamin'ny RuN 400m ho an'ny sokajy rookie, tompondaka lefitr'i Madagasikara kosa ho an'ny sokjy tanora. Izao izy miangaly ny haiady Jiu-Jitsu Brezilina. I Dylan zandriny indray dia 12 taona amin'izao. Mpilalao baolina kitra ao amin'ny Elgeco plus ary vodilaharana afovoany mihitsy ny toerana manavanana azy, izany hoe mpanidy trano. Ankoatra izay, mpanamory fiarakodia run ihany koa izy.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao spaoro inareo mianakavy ?
***A.R :*** Faniriako indrindra ny hiarahanay 3 mianaka( Andry - Bryan – Dylan) hifaninana eny ambony « piste » Arivonimamo, amin'ny fiara haingam-pandeha.
***Gazetiko :*** Ankoatra ny run sy tsipy kanetibe, inona no fialambolinareo mianakavy ?
***A.R :*** Ny fialambolinay mianakavy ary ny mahafinaritra anay indrindra dia ny mitsangantsangana sy mandehandeha amin'ny fiara. Miaraka mifalifaly mialavoly amin'ny fianakaviana sy namana ihany koa.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***A.R :*** Eto aho dia manentana ny fianakaviana mba hanao spaoro, satria mitondra soa maro be na fahasalamana io, na ny fomba fisainana, indrindra ny ara-moraly. Ambetin-teniko ny hoe " ataovy ao aminao ilay « Rage de vaincre » fa izay no lakilen'ny zava-drehetra » .



**Fianakaviana misokatra amin'ny fanatanjahantena maro izy ireto fa tsy araka ny heverin'ny maro hoe spaoro mekanika fotsiny ihany.**

**Rabenaivo**

Lomano - Mada 25m

## Mpilomano hatramin'ny 405 no andrasana

Hanomboka rahampitso ary haharitra 3 andro etsy amin'ny dobo filomanosana Esca, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara(bassin 25m), ho an'ny taranja Lomano. Nambaran'ny filohan'ny Madagascar Aquatics, Raveloson Mick Roland, omaly tetsy Ambohijatovo, fa mpilomano hatramin'ny 405 avy amin'ny ligim-paritra7 (Analamanga, Boeny, V7V, Matsiatra abony, Vakinankaratra, Atsinanana, laotra Mangoro) no andrasana etsy Antanimena amin'io. Hiaradalana amin'izany ny « test de classement », hametrahana ny filaharan'ny ankizy mandritra ity taom-pilalaovana ity. Nambran'Ingahy filoha fa hisy zava-baovao sy hampiavaka azy ny amin'ity, dia ny fifaninanana manokana ho an'ny ankizy madinika « relais avenir », izay anatin' ny politikan'ny federasiona momba ny « vulgarisation » miainga any ifotony, amin'ny alalan'ny fanomezana sehatra ireo kilonga madinika. Ankotra izay, eo koa ny fanokafana ny fifaninanana « Masters », eritreretina hampidirina anatin'ny fiafaninanam-pirenena, hoy hatrany ity filohan'ny Madagascar Aquatics ity. Manodidina ny « test de classement » indray, dia hifantenana ireo ankizy hanaraka ny fampivondronana manomboka amin' ny volana aogositra izany. Amin'izy ireto moa no hitiliana ny solontenantsika, hiatrika ny fiadiana ny tompondaka erantany hotanterahina any Budapest amin'ny desambra. Amin'ny maha zava-dehibe ity fifaninanam-pirenena ity dia fantatra fa handray anjara avokoa ireo kalaza, toa an-dry Holy Antsa Rabejaona sy Jonathan Harivony Raharvel. Tsy anisan'izany kosa i Tendrinavalona Idealy, izay mbola any ivelany amin'izao fotoana izao.



**Nandritra ny fampahafantarana ny fizotran'ity hetsika ity tetsy Ambohijatovo omaly.**

**Rabenaivo**

Karaté - Ligin'Analamanga

## Nahemotra amin'ny 9 avrily ny fifidianana

Tsy raikitra fa hahemotra amin'ny talata 9 avrily, ny fifidianana eo anivon'ny ligin'Analamanga taranja Karate. Tokony natao omaly tetsy amin'ny Lapan'ny Tanora sy Fanatanjahantena izany saingy noho ny tsy fahatratrarana ny «Quorum » dia voatery niditra amin'io fanemorana io. Marihina fa seksiôna 3(Andramasina, Anjozorobe , Antananarivo Renivohitra) tamin'ireo 8 irery ihany no ara-dalàna. Niantso ireo seksiôna 5 ambiny, hanavao tanteraka izany ny eo anivon'ny federasiona, tonga tetsy Mahamasina mihitsy ny filohany, Ratefinanahary Emile, nanambara fa mipetraka anatin'ny ara-dalàna ary hampanaja ny ara-dalàna ny federasiona tarihany. *« Manao fanamby amin'ny fanarahana izany izahay na ny lalàna na ireo activité »*, hoy izy. Nilaza ity filoha ity fa hahafahana miroso sy mamerina ny fifidianana dia misy ny lalàna mifehy ny karate do manerana an'izao tontolo izao sy ny arahantsika, dia ny famerenana izany afaka tapa-bolana. Ho an'ireo seksiôna 5 tsy mbola ara-dàlàna kosa dia nentanin' ny federasiona hanao ny fanavaozana, ka ny 2 avrily hatramin'ny 5 avrily no fepotoana nomena azy ireto. Mahakasika ity taranja ity ihany, tamin'ny 26 avrily 2023 ny nahatafapetraka ny federasiona vaovao, ka amin'ny 2027 no mifarana izany. Nambaran'ity filohan'ny federasiona ity fa tsy maintsy manao fifidianna aloha ihany koa ireo ligy rehetra.



**Tsy afaka niroso tamin'ny fivoriambe narahina fifidianana izy ireto omaly.**

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Mbola tsy afaka eny anivon' ny fiaraha-monina rehetra eny ilay faharesena 0 no ho 2 azon'ny Barean'i Madagasikara nanoloana an'i Rwanda tamin'ny afakomaly, tetsy amin'ny kianjan'ny Barea, tafiditra tamin'ny lalao ara-pirahalahiana.

### Sanatria ve !

Teo aloha ilay faharesena izay nangidy sy tsy lanin'ny vavonin'ireo mpankafy ny ekipam-pirenena, fa tena nanaitra ny nahita ny vaovao niparitaka eran'ny tambajotran-tserasera, nilaza fa nisy fitakiana ambimbola(trosa) nataon'ireo mpilalaon'ny Barea mialoha iny fihaonana omaly iny. Efa nisy ny fandaminana nataon'ny solontenan' ny federasiona, izay nanome toky fa hanome izany rehefa vita ny lalao. Eo indrindra no mampametra-panontaniana hoe sao dia sanatria nigafy ireo mpilalao ka nahatonga iny faharesena iny, sa dia hoe fifanandrifian-javatra fotsiny ihany ? Tena zavadoza tokoa mantsy raha ilay voalohany no nitranga, satria dia voninahi-pirenena no arovana fa tsy sanatria baolim-pokontany. Matoa rahateo ianao nantsoina handrafitra ny ekipam-pirenena izany dia sangany sy voafantina anatin'ny maro ka tsy tokony ho ambany toetsaina. Ankilany kosa, rariny raha mitaky ny volany ireto mpilalao ireto ary zony tanteraka satria azy. Inoana, fa hitondra fanampim-baovao feno mahakasika ity ny eny anivon'ny federasiona, ary izy ireto no nandimby ny ekipan'ny federasiona teo aloha. Ho fitohizam-pitantanana tokoa dia tsy maintsy manefa izany izy ireo, hisorohana ny fahafaham-baraka sy tsy hitaran' ity raharaha ity. Antenaina fa hiravona tanteraka ny olana, ka tsy sanatria hahataka tsy ho Barea intsony ireto nitaky ny zony ireto, ary mba tena handena ny akanjony koa ny mpilalao hiarovana ny voninahi-pirenena.

**Rabenaivo**

# AKON'NY BAOLINA KITRA

*Andro vitsivitsy taorian'ny lalao fanomanantena " Fenêtre FIFA " farany, nataon'ny Barea de Madagascar, izay nahazoany fandresena tokana sy faharesana anankiray, dia mbola ahazoana akony amin'ny tambajotran-tserasera sy ny mpanaraka kitra ny zava-bitany. Ao ny manakiana sy mamelively fatratra ny mpanazatran'ny ekipam-pirenena. Nisy kosa anefa tsy nanisy olana fa entina manatsara ny fihaonana amin'i Mali sy Comores eto amintsika iny nandresen'i Rwanda antsika iny. Ankoatra an'izany dia niely ihany koa ny vaovao fa tsy nankatoavin'ny mpitantana ny baolina kitra eran-tany (FIFA) ny kianjaben'i Mahamasina. Nanitsy an'izany ny fampahalalam-baovao sasany nilaza fa mbola hisy iraky ny FIFA, ho tonga eto amintsika amin'ny volana aprily, hanadihady ny zavatra nasainy nahitsy sy nilàna fanamboarana tamin'ny novambra 2023, toy ny vavahady fidirana sy ny hafa ankoatra an'izany…*

Kitra - " Fenêtre FIFA "

### Noraisin'ny Coach Roro andraikitra ny fahare-sen'ny Barea

Nandritra ny dinika nifanaovany tamin'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena, dia tsy niala bala tamin'ny faharesen'ny "ekipany" ny mpanazatra Rakotondrabe Félix Romuald, na i "Coach Rôrô", fa nanambara fa noraisiny ho andraikiny ny voka-dalao tamin'iny fihaonana iny. Mafy ny kaikitra nataon'ny Takolapanenintra ( Les guêpes) tamin'ny Barea de Madagascar, kanefa fahavoazana tsy maintsy hitadiavam-bahaolana haingana, mialoha ny fihaonantsika amin'ny Voromaherin'i Mali sy ny Kintana Maintin'i Ghana amin'ny volana jona 2024, mandritra ny fanohizana ny lalao fifanintsanana amin'ny Mondial 2026, izay hatao any amin'ny kaontinantan'i Amerika. Ho fanamafisana ny andraikitra raisiny dia milaza hikaroka mpilalao manantalenta hatrany ny Coach Roro, hanantevin-daharana ny Barea de Madagascar. Mikasika ny fihaonana tamin'i Rwanda dia efa taratra tamin'ny fihaonana nataony tamin'ny " Les Zèbres"-n'i Botswana fa ny ankamaroan'ny mpilalaony dia mihazakazaka, ary tekinisianina ka tsy azo omena sehatra malalaka amin'ny fandakambaolina nataony. Raha natao anefa ny antontanisa tamin'ny fanafihana nataon'ny ekipa roa tonta dia nandresy avy hatrany ny Barea de



Mila miasa mafy hatrany fa tsy atao mahakivy!

Madagascar. Baolina tafiditr'i Mugisha Gilbert (29 mn) voalohany dia valim-panafihana haingana azon'ny Roandey. Ilay baolina faharoa nampidirin'ilay kapiteny Bizimana Djihad (90+1) kosa indray, dia tsy nisy nanelingelina azy, nanao "marquage à la culotte", ka dia vitany ny nandavo mora foana an'i Teva Gardies, izay nahazo ny fon'ny mpijerin'i Mahamasina tamin'ny lalao voalohany, niarahany tamin'ny Bareas de Madagascar.

**Nahitana fiovana**

Raha nampitahaina ny fihaonana nataon'ny ekipam-pirenentsika tamin'ny Sidisidin'i Burundi " Les Hirondelles " ny fihaonana tamin'ny Takolapanenintra, dia nisy fahavonona avy hatrany ny mpilalaontsika tamin'ny lalao faharoa nataony. Tsy nihafihafy fa nanindry ambony (pressing) avy hatrany ny mpilalao voalohany, nalahatry ny Coach Roro sy Gilles Hugon. Tsy afaka namoaka ny endridalaony ny mpifanandrina tamintsika fa voatery nanala ny baolina tany amin'ny kianjany no nataony. Eo amin'ny fanafainganana ny lalao dia efa hita soritra ny finiavan'ny mpilalaontsika manantanteraka an'izany. Ny Kapiteny Rayan Raveloson matetika no diso mitam-baolina ka tsy manafaingana ny fanafihana natao. Diso mifampitady, manao tranokala koa ny irakiraka sy ny vodilaharana manampy azy ka tokony ho mailo amin'ny baolina votsitra eny an-tongony, ahafahan'ny mpifanandrina manao valimpanafihana haingana. Ny fidiran'i Ando "Pro" vao mba nisy baolina nalefa haingana, tany amin'ny elatra havia na havanan'ny kianja (renversement), ka nampivelatra sy nampahazo aina ny filalaon'i Jean Yves sy ry Tendry. Eo amin'ny lafiny fanafihana indray, dia efa tsy mihafihafy intsony i Arnaud mampiasa ny vatany amin'ny fiarovana ny baolina eny an-tongony, manao "pivot", saingy ny hanolorany ny baolina no misy fahatarana. Lesoka tsy ampy tamin'ny fanafihana nataon'ny mpilalaontsika dia ny tsy fahasahiana mandaka baolina, toy ny nataon'i Tsiry Kely. Tao amin'ny vodilaharana havanana dia matetika mamerina ny baolina any aoriana i Tantely. Tsy misy irakiraka mipoitra, tokony hanolorany ny baolina.

Nitaky tamin'i Demoleon Sebastien ny havizanana ka nosoloana an'i Berajo izy, niaraka tamin'i Amourson Andrinirina Aurélien , izay azo ambara fa nahomby koa ny lalao nataony voalohany tamin' ny Barea de Madagascar.

Tokony hanana fahasahiana manafika matetika i Kenji Van Boto, manampy an'i El Hadary any amin'ny elatra havian'ny kianja. Ny fahabangan'ny mpilalao ao afivoan'ny kianja no tokony hahamailo ny irakiraka amin'ny valimpanafihana haingana ataon'ny mpifanandrina amintsika. Roa volana mialoha ny lalao fifanintsanana amin'ny Mondial 2026 dia heverina fa tokony voavaha ny lesoka tamintsika. Raha ny tokony ho izy dia tokony hisy fampivondronana farany ataon'ny Barea de Madagascar, hahaizan'ny mpilalao miaraka tsara. Miankina amin'ny fandaharam-potoana sy ny fitsipidalao apetraky ny FIFA ihany anefa ny fanaovana an'izany. Antenaina kosa anefa fa ho tonga hanantevin-daharana ny Barea de Madagascar ireo mpilalao efa voky traikefa, hitari-dalana an'ireo zandriny amin'ny lalao fifanintsanan'ny Mondial 2026.

**aris rafaly**

Lalaina Nomenjanahary " Bolida "

## Tsy miditra amin'ny fandrafetana ny Barea de Madagascar

Manoloana ny fanontaniana marobe momba ny andraikitra sahanin'i Lalaina Nomenjanahary " Bolida " , ao anatin'ny ekipa tekinikan'ny Barea de Madagascar (staffs techniques), dia nasetriny tamin'ny fanontaniana napetraka taminy fa : " *Vao nantsoina ho ao anatin'ny staffs techniques-'ny Barea de Madagascar aho, dia efa nambarako tamin'i Coach Rôrô sy Gilles Hugon fa tsy miditra amin'ny fandrafetana ny mpilalao eny ambony kianja ny tenako, na eo amin'ny mpilalao tompon-toerana izany na koa ny fiandry, fa napetrako tamin'izy ireo manokana izany amin'ny maha tomponandraikitra voalohany ny ekipam-pirenena azy ireo. Toraka izany koa ny eo amin'ny lafiny ara- tekinika sy takitika, enti-miatrika ny mpifanandrina amintsika* ". Nanteriny kosa anefa fa ampisehoan'izy mirahalahy ireo an'i Bolida hatrany ny firafitry ny mpilalao, vinavinainy halahatra eny ambony kianja, toy ny tamin'ny fotoan'andro niarahany niasa tamin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis. " *Mpandrindra (coordinateur) ny andraikitra raisiko ao anatin'ny Barea de Madagascar. Mirindra tsara ny fiarahanay ary mahafinaritra* ". Amin'ny maha mpandrindra azy izay, dia miainga amin'ny Coach Rôrô hatrany nybiraka ampanaovana an'i Bolida amin'ny fikarohana mpilalao any ivelany any, entina manatsara ny ekipam-pirenena.

**aris rafaly**



Iankinan'ny hoavin'ny Barea ny adidy raisiny !

Vaovao mahaliana ve ?
Gazetiko
vakiana e !

### ANY IVELANY

**« Seleçao Portugal ». -** Mbola tsy namelan'ny mpitantana ny federasionina any Portugal fa nantsoiny hanantevin-daharana azy, mandritra ny fihaonana ataony amin'ny ekipam-pirenen'i Slovaquie, i Cristano Ronaldo (CR7), izay ao anatin'ny faha-39 taonany tanteraka kanefa mbola mampihaiky ny mpanaraka baolina kitra eran-tany ny fahaiza-manaony amin'ny fampidiram-baolina. Amin'ny fifaninanam-pirenen'i Arabie Saoudite, andraisan'ny ekipany El Nassr anjara dia CR7 hatrany no lohalaharana amin'ny famonoam-baolina. Soritana moa fa mitana ny laharana faharoa vonjimaika ny ekipany. Tsy azo tsinontsinoavina ny mpilalao toa an-dry Ronaldo amin'ny traikefa ananany, indrindra fa amin'ny fanentanana ataony amin'ny mpiara-milalao aminy.

**a.r**

FJKM - TPM

# Nanjakan'ny TPM Ivato ny taranja iraisana

Tontosa soa aman-tsara tamin'ny tontoloandron'ny zoma 22 martsa 2024 lasa teo ny lalao ara-pirahalahiana sady firaisankina ary fanamafisana ny fiseraserana, nifanaovan'ny Tobim-Panomanana Mpitandrina Ivato sy Ambatonakanga, teny amin'ny kianjan'izy ireo teny Ivato. Tamin'ireo taranja ara-panatanjahantena iraisana, nanaovana fifaninanana, dia nisongadina tamin'ny voka-dalao azony ny Mpiomana ho Mpitandrina eny Ivato. Noraofiny ny



Manan-talenta amin'ny fanaovana fanatanjahantena ny Mpitandrina FJKM.

amboara natolotra tamin'ny fifaninanana baolina kitra, natokana ho an'ny lehilahy. Tsy namelan'ny Mpitandrina vehivavin'Ambatonakanga kosa raha tsy azony ny amboara, niadiana tamin'ny taranja baolina kitra hatrany. Tsy navoakan'ny tomponjaridaina nivoaka ny valany avokoa ny amboara niadiana tamin'ny taranja basket-ball sy ny volley-ball. Nahery vaika kosa ny T.P.M Ambatonakanga tamin'ny fifaninanana kanetibe sy ny hazakazaka 100 metatra ary ny 600 metatra mifampitohy. Teo amin'ny taranja kanetibe, natokana ho an'ny olon-telo miaraka (triplette) kosa indray, dia ambivitra no tsy nandrombahan'ny ekipan'i Pasitera Guy Wilder Peter ny amboara, izay niondrika tamin'ny isa tery dia tery 9 no ho 11, teo anatrehan'ny mpifanandrina taminy. Nambaran'ny mpikarakara fa ezahina hotanterahina isan-taona ny fifaninanana ara-panatanjahantena eo amin'ireo toby ireo.

**aris rafaly**

## Sarisary zary tenany

*Tafa sy resaka*




## Hatsikana an-tsary

*Ravim-bomanga*




## Masoandro Miposaka

### HEBREO 10 : 28-29


**Izay manohitra ny lalàn'i Mosesy dia maty amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo ka tsy asiana famindram-po; manao ahoana kosa ary no hamafin'ny fampijaliana ataonareo tokony hihatra amin'izay nanitsaka ny Zanak'Andriamanitra ka nanao ny ran'ny fanekena izay nanamasinana azy ho zavatra tsy masina sady naniratsira ny Fanahin'ny fahasoavana?**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Nahoana no vodi-adin'ny ditra, ka loha raoky ny nenina indray ?**

Pourquoi étiez-vous le dernier à vous entêter, et le premier à vous repentir ?

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3207**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 1 | | | | 5 | | |
| 7 | | | | 2 | | | | 4 |
| 2 | 3 | | 8 | | 5 | | 6 | 1 |
| 1 | | | | | | | | 8 |
| | 7 | | | 4 | | | 1 | |
| 6 | | | | | | | | 7 |
| 3 | 1 | | 2 | | 7 | | 4 | 6 |
| 9 | | | | 1 | | | | 3 |
| | | 2 | | | | 1 | | |

Valin'ny laharana **3206**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 5 | 9 | 3 | 1 | 6 | 8 | 4 | 7 |
| 8 | 4 | 1 | 9 | 7 | 5 | 6 | 3 | 2 |
| 7 | 3 | 6 | 8 | 4 | 2 | 5 | 9 | 1 |
| 6 | 9 | 2 | 7 | 3 | 4 | 1 | 8 | 5 |
| 4 | 8 | 3 | 5 | 2 | 1 | 7 | 6 | 9 |
| 1 | 7 | 5 | 6 | 8 | 9 | 4 | 2 | 3 |
| 3 | 1 | 7 | 4 | 9 | 8 | 2 | 5 | 6 |
| 9 | 6 | 8 | 2 | 5 | 7 | 3 | 1 | 4 |
| 5 | 2 | 4 | 1 | 6 | 3 | 9 | 7 | 8 |

Andranovaky-Maevatanàna

## Lehilahy iray no vaky tatavy vokatry ny fihotsahan'ny tany

Hataraina ny an'ireo fokonolona tany amin'ny tobim-bolamena iray, atao hoe Adranovaky, any amin'ny kaominina ambanivohitra Antanimbary, ato anatin'ny disitrikan'i Maevatanàna, ny tolak'andron'ny alakamisy lasa teo, raha naheno ny loza niseho tamin'ilay lehilahy iray nihotsahan'ny tany tao anaty vavampatana fitrandrahana volamena izy ireo. Raha ny fitantaran'ireo olona nanatri-maso ny zava-nitranga taminay dia nisy lehilahy maromaro niasa nanaraka lalam-bato tohin'ireny tonelina ireny, ka mifandimby mitsofoka ao anatin'izany. Ilay lehilahy voalaza etsy ambony no voatondron'ireo namany nitsofoka tao tamin'io. Tampoka teo anefa dia nihintsana tsikelikely ny tany. Mailo sy niakatra malaky avy ao amban'ny tany niasana ranama, ka raha iny efa tafavoaka iny ny vatany ambony no nihotsaka mafy ilay tany, ary nototofan'izany ny vatany ambany. Nahazo masoandro kosa ny tapany ambony amin'ny vatany. Ka noezahin'ny vatan-dehilahy nesorina tao ny lehilahy, saingy efa vaky tatataviny vokatry ny dona nahazo azy. Efa nahazo ny fitsaboana sahaza azy ao amin'ny hopitalibe Morafenokely, eto Maevatanàna tampon-tanàna, moa ity farany ka tsy misy hatahorana intsony ny ainy sy ny tatavy vaky. Eto ampamaranana ny lahatsoratra dia tsara hatrany ny mampahafantatra fa ny asa volamena no tena asa ilofosan'ny olona aty amin'ny faritra Betsiboka, indrindra ny ato amin'ny disitrikan'i Maevatanàna noho izy asa mahavelona malaky, rehefa mahita amin'ny grama sy amin'ny kilao. Ny vidiny rahateo efa manomboka miakatra sy tsaratsara, tafiakatra telo hetsy ariary ny iray grama. Tsetsatsetsa tsy aritra ihany moa io ka tian'ny mpanoratra horesahina sy hasogadina eto.

**Ratantely**

Nosy Varika

## Ankizivavikely 10 taona nisy nanolana

Sady nitondra takaitra no mbola manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly hatramin'izao ity ankizivavikely vao folo taona monja voalaza fa nisy nanolana ity. Araka ny fanazavàna azo, ny volana desambra 2023 izy no voalaza fa niharan'ny fanolanana tao amin'ny kaominina Sahavalo, distrikan'i Nosy Varika. Taorian'izany anefa dia tsy sahy nitantara ny nanjo azy mihitsy izy fa norahonan'ilay mpanolana mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza. Tsy nisy nahatsikaritra ny nahazo azy rahateo ihany koa ireo ray aman-dreniny sy ny fianakaviany. Gaga ihany anefa ny rehetra fa toa niha-nahia andro aman'alina izy ary narary mihitsy ka voatery tsy maintsy nampidirina hopitaly. Tamin'izany no nahafantarana fa nisy nanolana izy. Teo vao nitantara ny nanjo azy rehetra ilay zaza. Efa tena sarotra anefa ny fitsaboana azy amin'izao fotoana izao ary misedra fahasahiranana tanteraka ireo ray amandreniny. Efa nametraka fitarainana any amin'ny mpitandro filaminana moa izy ireo ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ilay nahavanon-doza.

**R.C**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 608 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

### Nahandro

## Lasopy tsiasisa sy paprika

Zavatra ilaina : tongolo be 1, tongolo gasy 6, karoty 2, céleri 1, dità, paprika, tsiasisa 1 kapoaka, sira sy dipoavatra, voatabia 2, ranona jumbo.

Voasy ny tongolo sy tongolo gasy dia teteho. Voasy ihany koa ny karoty dia teteho madinika ary torak'izay koa ny céleri. Makà vilany dia endaso ao ny tongolo, ka asio sira sy dipoavatra ka arotsahy ao koa avy eo ny dità, karaoty, céleri, paprika. Asio rano kely dia andrahoy mandritra ny 10mn, ka haroharohy. Aoriana vao arotsaka koa ny voatabia, ny ranon-jumbo ary ny tsiasisa. Masaho tsara avokoa ireo ka arosoy mafana. Azonao hanina amin'izao fa mahasalama amin'ny ririnina, na hanina amin'ny vary dia asiana hena kely.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**23 mars au 29 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
10.15 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série
12.30 : News du 12h30
13.00 : Vaovao
13.30 : A votre santé
14.15 : Dessins animés
16.00 : Journal International
17.00 : Full sport
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Fandaharana manokana
21.30 : Film Action
23.00 : Journal International
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Romantique
05.00 : Série ®
05.15 : Rhefi

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : Ny Vaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DESSINS ANIMES
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

VIVA

01.41 : Film
03.21 : Film
05.03 : Clips : Misy Raha ®
05.10 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.50 : Culte : Tsara taiza
05.55 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva prod : 6 à 8
08.00 : Viva Prod : Viva Futbol Masters ®
08.13 : Série Act Av Po : Série ARROW
08.59 : Série : Série Les Agents du Shield
09.41 : Série : Série Star Wars. The Clone Wars
10.04 : Série : Série Parks and Recreation
10.34 : Film
12.22 : Série k-drama : Série Crash Landing On You ®
13.32 : Journal : Flash Actus
13.42 : Clips : Misy Raha
14.12 : Music& News : HIT LOUNGE ®
15.04 : Viva Prod : iLoko
15.17 : Film animation
17.18 : Série k-drama : Série Crash Landing On You
18.28 : Zap :
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.43 : Gastronomie : Sabahely ®
18.56 : Série Animation : Kung Fu Panda. The Dragon Knight ®
19.20 : Loterie : BET 261
19.30 : Divertissement :
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.23 : Divertissement :
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : Viva co Prod : Minute Fihariana
20.53 : Série dramatique : Série Dynastie 2017 (-10)
21.38 : Film
23.30 : Journal : Viva Évènement VM ®

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

EPP Ivato tanàna

# Nohavaozin'ireo mpiara-miombona antoka



Feno haravoana ireo mpianatra nahazo fotodrafitrasa sy dabilio vaovao.

*Fako plastika no nentina nanamboarana ireo dabilio.*

Vita ny asa fanavaozana ny EPP Ivato tanàna. Notokanana omaly ny fahavitan'ny asa rehetra, izay notanterahin' ny Ravinala Airports, mpitantana ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato sy Nosy Be, niaraka tamin' ireo mpiara-miombona antoka aminy, dia Andao Company sy ny Vondrona Sofitrans. Niavaka ny fomba nanatanterahana ny fiarahamiasa, satria tafiditra ao anatin'ny tetikasa RSE, na fandraisana andraikitry ny orinasa eo amin'ny fiarahamonina manodidina azy, izay mikendry ny fanodinana ireo fako plastika ho lasa fitaovam-pianarana hampiasain' ny sekoly eo amin'ny manodidina, toy dabilio. Nanampy izany ny fanavaozana manontolo efitrano fianarana iray. Ny tena tanjon'ity tetikasa ity dia ny hampiroborobo ny toekarena mifanjohy amin'ny alalan'ny fanangonana sy fanavahana ary fanodinana ireo fako plastika avy amin'ireo fiaramanidina an' ireo kaompaniam-pitaterana an'habakabaka iraisam-pirenena mampiasa ny seranam-piaramanidina Ivato. Avadika ho fitaovan-tsekoly mba hanatsarana ny fotodrafitrasam-pampianarana eo anivon' ireo sekoly manodidina ny seranam-piaramanidina izany. Mandrindra ny fiarahamiasa amin'ireo mpiara-miombona antoka ao anatin' ity tetikasa ity ny Ravinala Airports ary mamatsy vola ny fanatanterahana ny asa iombonana. Miasa amin'ny fanangonana sy ny fanavahana ary ny famatsiana ireo fako plastika any amin'ny Andao Compagny sy ny Vondrona Sofitrans. Ny Andao Compagny kosa no miandraikitra ny fanodinana ireo fako sy ny fanamboarana ny dabilio. Mamatsy fako plastika sy manohana ny fividianana ireo dabilo kosa ireo kaompaniam-pitaterana. Marihina fa 1 300 kilao ny fitambaran'ireo fako plastika efa voangona sy voahodina tao anatin'ity tetikasa ity, izay nahafahana nisoroka ny fiparitahan'ny entona $CO_2$ milanja 3 510 Kg mpanimba tontolo iainana sy ny fiparitahan'ny tavoahangy plastika miisa 37 143.

**R. Muray**

" Perfect Your Dance "

# Ankizy manodidina ny 600 no hiofana dihy etsy Mahamasina

Hotanterahina anio etsy amin'ny Lapan'ny Tanora sy Fanatanjahantena Mahamasina, ilay fanombohana ny fampianarana dihy an-dRenivohitra « Perfect Your Dance ». Ny Minisiteran' ny Tanora sy Fanatanjahantena mira-miasa amin'ny federasiona malagasin'ny dihy ara-panatanjahantena sy ny L-FY Studio no mikarakara azy ity, izay manomboka amin'ny 8 sy sasany maraina hatramin'ny 4 ora sy sasany tolakandro. Nandritra ny valandresaka natao ho an'ny mpanao gazety omaly no nahafantarana, fa tanora mpandihy 500 hatramin'ny 600 eo no hanaraka ity fampiofanana ity. Efa nikatona ny fandraisana ny fisoratana anarana. Afaka hatrehan'ny mpijery kosa izany saingy misy ny fandaminana amin'ny fidirana. Natao izao hetsika izao, hoy ny mpikarakara hatrany, mba hahafahan'ireo tanora malagasy mpandihy manatsara ny fahaiza-manaony sy maneho hevitra amin'ny alalan'ity dihy an-dRenivohitra ity. Hisy vahiny roavavy, manam-pahaizana manokana amin'izany dihy izany hizara ny traikefany mandritra ity andro anio ity. Efa mipetrapetraka tsara ny fandaharam-potoana anio, ka hisy ny « ateliers de danse » iarahana amin'ireo mpiangaly « choregraphes » sangany. Misy koa ny fanentanana amin'ny fiatrehan'ny tanora ireo olana ara-tsosialy ankehitriny, toy ny fisorohana ny vohoka aloha loatra sy ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana. Ary mazava ho azy fa hibahan-toerana ny fampisehoana sy fampianarana mandihy. Anisan'ny mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny ara-tsosialy sy ny ekonomia eto Madagasikara ny Tanora, izay indrindra no hikatsahan' ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena hetsika toy izao, ho fanampiana azy ireny mba hahafahany mivelatra sy mampiseho ny talentany.

**Rabenaivo**




Nandritra ny fampahafantarana ity hetsika ity tetsy Mahamasina omaly.

ENSOA - Antsirabe

# Miaramila 504 nahavita fiofanana

Navoaka tamin'ny fomba ofisialy ary notolorana galona ho mariky ny fahavitana fiofanana ireo miaramila 504, niofana teo anivon' ny « *ENSOA* » *"Ecole Nationale des Sous-Officiers"*. Natao teo amin'ny *« Place d'armes »* ny lanonana ara-miaramila rehetra, notarihin'ny kaomandin'ny sekoly « *ENSOA* » ny Kolonely Razafitombo Leva ary nanome voninahitra ireo ny lehiben'ny etamazaoron'ireo Tafika ny jeneraly Deramanjaka Manantsoa Rakotoarivelo. Miaramila 77 no nahazo ny maripahaizana « *BMP* 2 », na ny *« Brevet Militaire Professionnel N° 2 »* , raha 140 kosa ny andiany nahazo ny maripahaizana « BMP1 » na ny *« Brevet Militaire Professionnel N°1 »*.

**Misehatra**

Ireo andiany ireo dia niatrika fiofanana nandritra ny 9 volana ary izao afaka nisitraka maripahaizana izao. Ny sokajy manaraka kosa dia niisa 150, izay notolorana ny *« Certificat Militaire N° 1 (CM1)* ary ireo 137 ambiny notolorana ny *« Certificat Militaire N°2 »*. Izy ireto indray dia niofana nandritra ny efatra volana sy tapany ary nahatontosa soa aman-tsara ny sedra rehetra. Hatreto dia ity sekoly « *ENSOA* » ao Antsirabe ity no hany sekolin'ny manamboninahitra lefitra tokana ananan'ny tafika malagasy. Zava-dehibe loatra ny fandalovana ao amin'io sekoly mpampiofana io, satria ankoatra ny mahamiaramila dia miofana amin' ny sehatra marolafy ireo mpiofana ireo ka afaka misehatra mivantana amin'ny fampandrosoana.

**Deyland**



Nametraka galona ho an'ireo miaramila ny lehiben'ny Etamazaoron' ireo Tafika malagasy, ny jeneraly Deramanjaka Manantsoa Rakotoarivelo.

Antsirabe - Fiatrehana ny Paska

# Hametraka paikady vaovao ny ivon-toerana fitsarana fiara

Faritra iray isan'ny be mpitsidika indrindra ny tananan' Antsirabe amin'ny fankalazana ny fetin'ny Paska. Mialoha, mandrintra ary aorian'ny fety dia misy hatrany ny fepetra tsy maintsy raisin'ny mpitantana handrindrana sy handaminana ny tananan' Antsirabe, indrindra fa ny lalam-pirenena fahafito izay tena maro mpampiasa.

Isan'ny hametraka paikady vaovao ny ivon-toerana fitsarana fiara eto Antsirabe hiatrehana ny Paska. Mba tsy hisy ny loza na iray aza no tanjona. Hotohizana ny tsara teo aloha fa hemetraka fomba fiasa vaovao mba hampitovy ny tadindokanga eo amin'ny mpitandro ny filaminana sy ny mpampiasa ny lalana, hoy ny Jeneraly Reribake Jeannot, Tale jeneralin'ny ivon-toerana fitsarana fiarakodia, nandritra ny fitsidihany ny « centre de sécurité routière » teto Antsirabe ny faran'ny herinandro lasa teo. Ity no fitsidihana voalohany nataon'ny tale jeneralin'ny ivon-toerana fitsarana fiara teto Antsirabe hatramin'ny nahavoatendry azy teo amin'ny toerany. Hijery ifotony ny ivon-toerana no tena anton-diany ary hametraka fomba fiasa vaovao mba hisian'ny fifampitokisana eo amin'ny ivon-toerana sy ny mpitondra fiara, izay hotsaraina mba hahafahan'ity farany matoky fa voaro ny ainy sy ny fiarany. Hialohavan'ny fanamarihana ny andron'ny 29 martsa ny fetin'ny Paska ka ho lavalava ny andro tsy fiasana, noho izany dia ho maro ny mpivezivezy amin'ny lalam-pirenena ka tsy maintsy hisy ny fepetra hentitra hiarahana amin'ny sampandraharan'ny fitanterana sy famantarana ny toetry ny andro eto Vakinankaratra sy ireo rantsa-mangaika rehera voakasika.

**Andry N.**



Nisy ny tafa teo amin'ny Tale Jeneraly sy ny mpiasa. (Sary : Andry N.)

# Lakandranon'ny Pangalana an-tsary

Nangonin'i Deyland




Lakam-by mpitatitra Anjavidy hihazo ao amin'ny seranana Manangareza.



Seranana an-dranomamy ao Mahanoro.



Fitaterana mahazatra ny mponina manamorona an'ny Pangalana ny lakana hazo.



Manarato hatramin'ny ankizy ny ao Pangalana ao.





Seranan-tsambo andalam-pahavitana ao Manakara.





Mpampiditra entana an-dakana, tao amin'ny seranana an-dranomamy ao Toamasina.